

10

**ANDRO
FIARAHA-
MIVAVAKA**

2018

NY MPISORONABE

TARI-DALANA HO AN'NYMPITARIKA

Tonga soa eto amin'ny Folo Andro Fiaraha-mivavaka! Nanao zavamahagaga maro Andriamanitra tamin'ny alalan'ny Prôgrama Folo Andro Fiaraha-mivavaka, hatramin'ny niantombohan'izany tamin'ny taona 2006, nisian'ny Ezaka Ranonorana Maneran-tany. Nitondra fifohazana, fiovam-po, firehetam-po vaovao ho amin'ny asa fitoriana, ary nanatsara ny fihavaozan'ny fifandraisana ny Fanahy Masina. Tsy isalasalana fa ny vavaka tokoa no loharanon'ny fifohazana!

Ireto tari-dalana ireto dia natao mba hanampiana anao amin'ny mahampitarika anao. Ny fizaràna voalohany dia mahafaoka ireo lohahevitra mifandray amin'ny Folo Andro Fiaraha-mivavaka taona 2018; ny toko faharoa kosa dia mampiditra ireo teboka izay hanampy anao sy ireo ao amin'ny vondrom-bavaka misy anao. Tsarovy fa tari-dalana fotsiny ihany ireo. Aza misalasala manisy fanovana araka izay hitarihan'ny Fanahy Masina anao.

Mandritra ny 10 andro Andro Fiaraha-mivavaka, 10-20 Janoary 2018, dia tokony hanokana fotoana, adiny iray isan'andro, hiarahana mivavaka ny vondrona misy anao: ka na izany amin'ny alalan'ny fihaonana mivantana, na fifampiantsoana an-tariby. Ny andro fahiraika ambin'ny folo, ny 20 Janoary dia mitontona Sabata. Izany andro izany dia natao ho fankalazana izay nataon'Andriamanitra rehetra ho famaliana ny firaisam-bavaka. Ny fanirianay dia ny hahafahan'ireo hevitra sy tolo-kevitra manampy ny tarika madinika misy anao na ireo fianakaviamben'ny fiangonana manao fanandramana lehibe mandritra ny Folo Andro Fiaraha-mivavaka.

Raha hanomboka izao dia izao ianao dia manokàna fotoana hamakiana ireo fijoroana ho vavolombelon'ireo izay efa nandray anjara tamin'izany Folo Andro Fiaraha-mivavaka izany tamin'ny taona 2017:

10

ANDRO
FIARAHA-MIVAVAKA
10-20 Janoary 2018

S H A D R E C K CHARUMBIRA

“Misaotra indrindra! Nisy fifohazam-panahy tao amin’ny Fiangonana misy anay, ary tsapanay fa nisy firaisam-po teo anivon’ny mambra izay nahitana fizarazarana. Hitanay teo amin’ny Tempolin’ny Lanitra i Kristy, ary ny vavaka izay asandratray dia mbola mitoetra eo Aminy mandrakariva. Ny firaisana no tena nanamarika ny valim-bavaka voarainay. Mbola maro ireo fijoroana ho vavolombelona avy amin’ny isam-batan’olona azoko hifampizaràna eto amin’ny fotoana manaraka.”

GWEN PAKUA, SARAKOLOK KIMBE, WEST NEW BRITAIN PROVINCE, PNG

“Misaotra indrindra ny amin’ity Prôgrama mahafinaritra ity. Voafidy ho mpiara-miasa tamin’ny lehiben’ny Ministeran’ny Vavaka aho. Natombokay tamin’ny Sabata fifadiankanina ny Prôgrama, ary ny Alarobia no nanombohan’ny Folo Andro Fiarahamivavaka. Azo lazaina fa maro ny mambra nanatrika izany. Ho valin’ny vavaka nasandratray dia nanolotra Pasitora ho an’ny

fiangonanay ny Misiona misy anay, rehefa tsy nanana izany nandritra ny taona maro izahay. Miangavy anareo aho hivavaka ho ahy sy ny fiangonana kely misy anay.”

DANNY MOONIE, DES BARRAS, ST. LUCIA

“Nanomana fiara fitaterambahoaka ny fiangonana misy anay ho an’ireo mambra’ny fiangonana hanatrika ny Folo Andro F i a r a h a - m i v a v a k a . Matetika ny mpamilin’ity fiara ity no mitondra ireo mambra hanatrika ny fivoriam-bavaka fanaonay isak’Alahady na Alarobia alina, dia manatitra azy ireo indray izy amin’ny firavan’ny fotoana. Tamin’ny alina voalohany dia nisy olona iray nanasa ilay mpamily hijanona hanatrika ny fotoana rehetra. Dia nanaiky izy! Rehefa nody izy ny alin’iny dia nitantara ny fanandramany tamin’ny fofombadiny ary nentaniny ity farany hiaraka aminy hanatrika ny fivoriam-bavaka manaraka. Tonga nanatrika ny fotoana manaraka izy roa kely ary tsy nanapaka intsony isan-kariva. Tamin’ny fiakaran’ny Folo Andro Fiarahamivavaka dia nozarain’izy roa tamin’ny

loholona voalohany ny amin’ny fanirian’izy ireo hivady tsy hoe ela sy hanaraka ny Tompo. Miangavy anareo izahay hitondra azy ireo amimbavaka. Ny alina tsirairay nandritra ny fivoriam-bavaka dia fitahiana avokoa. Narahinay ny tari-dalana natao hovakina isan-kariva, niampy ny lohahevitra iray fanampiny. Novakinay ireo fizaràna avy amin’ny Soratra Masina, nanomboka tamin’ny fiainan’i Kristy, dia ny fiaraha-misakafo farany – ny nitsanganany tamin’ny maty. Feno ny Fanahy ny alina tsirairay. Tamin’ny alina sasany dia nahatratra hatramin’ny 40 ny mpanatrika, ka ny 20 tamin’ireo dia vahiny avy teny amin’ny fiarahamonina. Tsapanay ny fanatrehan’Andriamanitra, ary fantatro fa maro ireo olona nivavaka ho anay nandritra ireny fotoana rehetra ireny. Andriamanitra anie handrotsaka mandrakariva ny Fanahiny eo amin’ny Fiangonany.”

DORIS JOHNSON, RICHMOND, VIRGINIA, USA

“Tena fitahiana tokoa ny Folo Andro Fiarahamivavaka. Nandramanay

10

ANDRO
FIARAHA-MIVAVAKA
10–20 Janoary 2018

ny firotsahan'ny Fanahy Masina teo amin'ireo mpandaha-teny, mpandray anjara rehetra, sy teo amin'ireo rehetra izay nandefa antso an-tariby. Avy tamina tanàna samihafa ireo nandefa antso. Misaotra an'Andriamanitra izahay tamin'ny nampiasany ho ministra ity ho fanatrarana fanahy maro ho amin'ny fanjakany.”

BEAULITY DUBE

“Tena nahafinaritra tokoa ny fanandramana niainako nandritra ny Folo Andro Fiaraha-mivavaka. Nivavaka aho ny mba hanomezan'ny Tompo ahy ny saram-pianarako. Tapi-dalan-kaleha tanteraka aho! Tsy azoko an-tsaina velively ny mety hahazoako izany. Andriamanitra velona no tompointsika! Roa andro tatỳ aoriana dia novalian'Andriamanitra ny vavako. Hidera a n' A n d r i a m a n i t r a mandrakizay aho noho ny fahatokiana asehony ny vahoakany.”

ELIJAH MWAKIO, KENYA COAST FIELD

“Tany amin'ny fiandohan' ny taona tany dia hita fa

sahiran-tsaina tokoa i Justin raha vao miresaka momba ny vola sy ny fianakaviany. Taorian'ny Folo Andro Fiaraha-mivavaka kosa anefa dia nahatsapa fiononana sy fiadanam-po tanteraka izy. Tsy mbola nanao izany fanandramana izany velively izy teo amin'ny fiainany. Niaiky izy fa tena Lehibe sy Tsara tokoa Andriamanitra.”

RONNIE NAIDOO, JOHANNESBURG, SOUTH AFRICA

“Nandray anjara tsy tapaka tamin'ny Folo Andro Fiaraha-mivavaka ny fiangonanay, nandritra ny enina taona. Tamin'ity taona ity, araka ny efa fanaonay, dia mbola tafaraka indray ny vondrom-bavaka nisy anay hanohy ny fivavahana sy ny fiderana, namarana ny fotoana ary nisaraka samy namonjy ny tokantranonay avy. Tamin'iny alina iny dia naharay hafatra izahay nilaza fa nisy naka an-keriny tany ivelan'ny tokantranony ny iray amin'ny mambran'ny fiangonanay, ary nentin'ireo nahavanon-doza tany amin'ny tany foana izy. Matetika no zava-doza no fiafaran'ny toe-javatra toy izao. Niray fo nampilefitra

ny lohaliny ny fiangonana manontolo, ka ny vavaka izay nasandratriadiakatra tamin'Andriamanitra ny Voninahitra – mba tsy hisy loza hanjo ny zanany. Ora iray taorian'izany dia nahazo vaovao izahay fa navotsotr'ireo mpaka ankeriny, tsy naratra i Wesley. Tsy manana fomba hafaentina hanazavana izany zava-mahagaga izany aho, afa-tsy ny hoe naniraka ny Anjelin'ny Andriamanitra hanampy ny Zanany. Azo soa aman-tsara ny fiaran'i Wesley, ka na dia tora-kovitra tanteraka aza ity farany dia mbola nahery hatrany ny finoany an'Andriamanitra. Roa andro taorian'izay tranga izay monja, izany hoe ny Sabata dia efa afaka nanatanteraka ny adidiny araka ny efa nandaharana azy! An'Andriamanitra irery ny Voninahitra, ary enga anie ka hampahery ireo mpiray tampo amin'ny finoana manerana izao tontolo izao ity tantara ity.”

Folo Andro Fiaraha-mivavaka

Nahoana isika no mianatra ny momba ny Fitafian'ny Mpisoronabe?

Ny zavatra rehetra nataon'Andriamanitra dia misy tanjona avokoa. Misy dikany sy antom-pisiany avokoa ny tsipiriany rehetra. Ao anatin'izany ny momba ny Fitafian'ny Mpisoronabe. Ao amin'ny Boky Patriarka sy Mpaminany dia izao no vakintsika *“Izay rehetra mikasika ny fitafiana sy ny toetoetry ny mpisorona, dia tokony hampifoha ao an-tsain'ny mpanatrika ny fahamasinan'Andriamanitra sy ny toetra ambony ananan'ny fanompoampivavahana atao aminy, ary ny fahadiovana takiany amin'ireo olona miseho eo anatrehany.”* (Patriarka sy Mpaminany, t. 355). Andeha hojerentsika akaiky ireo karazana sary famantarana hita teny amin'ny fitafian'ny Mpisoronabe, hahafahantsika manatsoaka lesona ho antsika miaina amin'izao taonjato fahiraika amby roapolo izao.

Ireo takelaka mirakitra ny lohahevitra natao hodinihina isan'andro

Misy takelaka mirakitra lohahevitra nomanina isan'andro mandritra ny folo andro. Ny takila voalohany dia manome toromarika ny amin'ny fomba fandaminana ny fotoam-bavaka; ahitana ihany koa ireo soso-kevitra antombavaka manokana sy ireo hira azo hiraina miaraka amin'izany. Ny takila faharoa dia misy ireo fianarana fanampiny, andalanteny avy amin'ny Baiboly sy notsongaina avy tamin'ny asasotr'i Ellen White izay mifandray amin'ny lohahevitra. Ny toromarika avy aminay dia ny hanaovanareo dika mitovy ireo takelaka misy ny lohahevitra mba hahafahan'ny mpandray anjara manaraka akaiky ny Prôgrama mandritra ny fotoam-bavaka. Azo atao tsara ny manao dika mitovy ny tahirin-kevitra manomboka amin'ny takila voalohany hatramin'ny farany.

Ny fiangonana rehetra maneran-tany dia hiaraka hiombom-bavaka mahakasika ny lohahevitra isan'andro. Hiaraka hiombom-bavaka amin'izy ireo amin'ny alalan'ny famakiana ny Tenin'ny Soratra Masina, sy ireo andalan-teny notsongaina, ary ireo antom-bavaka isaky ny lohahevitra. Na izany aza anefa, aoka ianao tsy hihevitra fa voatery tsy maintsy hanaraka tanteraka ireo antombavaka naroso rehetra. Mety ho fanirianao ny hizarazara vondrona madinika, ka hifampizara ireo antom-bavaka amin'ny vondrona tsirairay.

Ny sasany amin'ireo antom-bavaka dia misy fifandraisana amin'ny fiangonana Advantista maneran-tany. Tena zava-dehibe tokoa ny miaramivavaka ho an'ny ankohonana misy ao amin'ny fiangonantsika. Kanefa mety ho tianao ny hampifanaraka ny fotoam-bavakao arakaraka ny zava-misy na hampiasa lohahevitra amin'ny ankapobeny raha misy vahiny avy amin'ny

fiarahamonina ao anatin'ny vondrona misy anao. Eto amim-bavaka ny fomba ahafahanao mandray tsara ireo vahiny sy ahatsapan'izy ireo fa tsy olon-kafa izy ao anatin'izany.

Ireo andalan-teny avy ao amin'ny bokin'i Ellen White, maneho ny fitafian'ny Mpisorona.

Misy toko sy andininy vitsivitsy avy ao amin'ny Baiboly ary andalan-teny avy amin'ny asasotr'i Ellen White amin'ny lohahevitra isan'andro. Ireny dia manome fanazavana ireo singa isan-karazany hita eny amin'ny fitafian'ny mpisorona. Manoso-kevitra izahay ny hamakiana izany miaraka amin'ny vondrona misy anao. Azo atao amin'ny fanombohan'ny fotoam-bavaka izany, mba hampivelarana ireo dingana ao amin'ny lohahevitra amin'io andro io, na eny anelanelan'ny fotoam-bavaka.

Soso-kevitra ny amin'ny fomba hitsinjaràna ny fotoana

Ny fotoana laninao amin'ny fivavahana isaky ny andiam-bavaka dia mety hiovaova, miankina amin'ny fomba fivavaky ny tsirairay. Izy ity dia soso-kevitra ihany hahafahana mandrindra tsara ny fotoana:

- **Fiarahabana/Fampidirana:** 2-5 minitra
- **Famakiana ny andalanteny avy amin'ny Soratra Masina sy andalan-teny avy amin'ny asa soratr'i Ellen White:** 3 minitra
- **Fiderana an'Andriamanitra ao anatin'ny fotoam-bavaka:** 10 minitra
- **Fiaiken-keloka sy Fangatahana Hery hoenti-mandresy ny fahotana, ao anatin'ny fotoam-bavaka:** 3-5 minitra
- **Fitarainana sy Vavaka fanelanelanana ao anatin'ny fotoam-bavaka:** 30-35 minitra
- **Fisaorana ao anatin'ny fotoam-bavaka:** 10 minitra

Fanelanelanana atao ho an'olona fito

Toroy hevitra ny olona tsirairay hangataka amin'Andriamanitra, hanomezany azy ireo olona fito hoentina amim-bavaka mandritra ny 10 andro fiaraha-mivavaka. Mety ho fianakaviana izany, namana, mpiara-miasa, mpiara-mivavaka, sns... Asao izy ireo hivavaka mba hitarihan'ny Fanahy Masina ireo olona fito ireo ho eo amin'i Jesôsy. Ny mambra ao amin'ny vondrona tsirairay koa dia tokony hangataka amin'Andriamanitra mba hanehoany amin'izy ireo ny fomba hitondrana ireo filàna manokana sy hanatràrana ireo olona fito voalaza tetsy ambony mandritra ny 10 andro fiaraha-mivavaka.

10

ANDRO
FIARAHA-MIVAVAKA
10–20 Janoary 2018

Ny fanompoam-pivavahana atao rehefa Sabata mandritra ny 10 andro fiaraha-mivavaka 2017

Aoka hisy fotoana hatokana ho an'ny vavaka sy fizaràna fanandramana ny amin'ny valim-bavaka voaray mandritra ny fanompoam-pivavahana amin'ireo Sabata roa. Maro ny fomba ahafahana mizara amin'ny fiangonana izay nitranga nandritra ny fotoam-bavaka isan'andro.

Fankalazana amin'ny Sabata famaranana

Ny Sabata famaranana dia tokony ho fotoam-pifaliana lehibe noho ireo zavatra nataon'Andriamanitra nandritra ny 10 andro fiaraha-mivavaka. Aoka halalaka tsara ny fotoana hizaràna fanandramana mahakasika ireo valim-bavaka voaray, fampianarana/fitoriana ara-Baiboly mahakasika ny vavaka, ary ny fiderana. Tariho ho amin'ny fotoam-bavaka manokana ny mpivory rehetra mba hahafahan'ireo izay tsy nanana tombontsoa nanatrika fiaraha-mivavaka isan'andro manandrana ny fiaraha-mivavaka amin'ny hafa. Jereo ao amin'ny Andro faha-11 ireo fitaovana, mba hahafahana manana hevitra misimisy kokoa.

Ny fitohizan'ny 10 andro fiaraha-mivavaka 2018

Mivavaha misimisy kokoa ho amin'izay sitrapon'Andriamanitra ho an'ny Fiangonana/vondrona ho fanohizana izay efa natombony nandritra ny 10 andro fiaraha-mivavaka 2018. Mety hanohy izany amin'ny fiaraha-mivavaka isan-kerinandro ianao. Na mety hilaina koa ny hanombohana ministera vaovao ao amin'ny fiangonana na asa fitoriana eo amin'ny fiaraha-monina misy anao. Aoka hivelatra ary araho izay hitondran'Andriamanitra anao. Ho hitanao fa tsy ho lany zava-mahagaga ny dianao arakaraka ny androsoanao miaraka Aminy.

Fizaràna fanandramana

Miangavy aho ny hifampizaranao ny tantaran'ny fomba fiasan'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny folo andro fiaraha-mivavaka. Ny tantara hoentinao dia ho fampaherezana ho an'ny hafa. Ny fijoroana ho vavolombelona dia azo alefa amin'izao adiresy izao stories@ministerialassociation.org na midira amin'ny www.tendaysofprayer.org.

Mifanaiky

Rehefa misy olona iray mangataka amin'Andriamanitra, dia aoka ho azonao antoka tsara fa misy hafa ihany koa mitondra izany antom-bavaka izany – Mahery indrindra izany! Aoka ianao tsy hihevitra fa rehefa misy antom-bavaka entin'olona iray dia tsy tokony hisy olon-kafa hitondra izany intsony. *“Ary lazaiko aminareo koa: Raha misy roa aminareo mifanaiky etỳ ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona ka hangataka izany, dia ho azony*

avy amin' ny Raiko Izay any an-danitra izany.” (Mat. 18:19). Moa va tsy mampahery loatra izany misandratra amin'ny alalan'ny vavaka izany?

Mitaky ireo Teny Fikasan'Andriamanitra

Nanomana tahirin-kevitra izahay izay mirakitra karazana teny fikasana azo takina ao anatin'ny vavaka. Entano ny vondrona hitaky ny teny fikasana avy amin'Andriamanitra rehefa mivavaka. Mora ny mifantoka amin'ny olana ananantsika. Fa rehefa mitaky ny Teny Fikasana avy amin'Andriamanitra isika dia mitombo ny finoantsika ary hotsaroantsika fa tsy misy zavatra izay tsy hain'Andriamanitra atao. Ny teny fikasana dia manampy antsika tsy ho variana amin'ny olana sy ny fahasahiranantsika, fa hibanjina an'i Jesôsy. Ny Baiboly dia mirakitra teny fikasana maro azo takina ao anatin'ny fahalemena sy ny tebiteby atrehana. Entano ny olona hitady teny fikasana hafa ao anaty Baiboly ary handrakitra izany an-tsoratra, mba hahafahany mitaky izany amin'ny hoavy.

“Tokony hamboraka ny filantsika amin'ny Tompo amin'ny fo feno fahatsorana isika, ary hangataka ny teny fikasany amim-pinoana sy amim-pahatokiana, mba ho fantatry ny mpivory fa nianatra ny handresy miaraka amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka isika. Hahazo toky izy ireo fa manatrika ny fivoriana ny Tompo, ary hanokatra ny fony handray ny haben'ny fahasoavany izy. Hitombo ny finoan'ny mpivory ny fahatsoranao, ary ho vonona izy ireo handray ny toromarika rehetra avy aminao mpitarika” (Evangelism, p. 146).

“Manana fitahiana be dia be ho an'ireo izay hiara-miasa amin'Andriamanitra ny lanitra. Izay rehetra mankatò Azy dia mahazo mitaky amim-pahatokiana ny fanatanterahana ireo teny fikasany ireo. Nefa tokony hampiseho fitokisana tanteraka sy tsy azo hozongozonina amin'Andriamanitra isika. Matetika no miandry Izy vao mamaly antsika mba hizahany ny finoantsika na hitsapany ny tena maha-izy ny faniriansika. Rehefa nangataka araka ny Teniny isika, dia tokony hino ny teny fikasany sy hivavaka lalandava amim-paharetana.” (Henoinareo ny Fanoharana, p. 118).

Fifadian-kanina

Asao ireo rehetra niaraka taminao, nanatrika ny folo andro fiaraha-mivavaka mba hanao fifadian-kanina amin'ny endriny hafa, toy ny fifadiana fahitalavitra, ny hiran'izao tontolo izao, ny sarimihetsika, ny aterineto, ny zava-mamy, na sakafo hafa izay saro-devonina. Ampiasao ho amin'ny fivavahana sy ny fianarana Baiboly ny fotoana ivelan'ny asa aman-draharaha, hangatahana amin'Andriamanitra mba hanampiany anao sy ny fiangonanao mba hanana firaisana misimisy kokoa amin'i Kristy. Ny fanarahana fomba fisakafo tsotra

10

ANDRO
FIARAHA-MIVAVAKA
10–20 Janoary 2018

dia hahatonga ny mpandray anjara ho mora mandray kokoa ny feon'ny Fanahy Masina.

Fanahy Masina

Angataho ny Fanahy Masina mba hanehoany aminao ny fomba fivavaka sy izay tokony hangatahana ho an'ilay olona entina amim-bavaka na amin'ny toe-javatra manokana. Ny Baiboly dia milaza amintsika fa tsy mahafantatra izay tokony hangatahina isika, ka noho izany dia ny Fanahy Masina ihany no afaka manao fanelanelanana ho antsika.

“Tsy hoe tsy maintsy mivavaka fotsiny amin'ny anaran'i Kristy isika, fa amin'ny fibitsihan'ny Fanahy Masina koa. Izany dia manazava ny dikan'izay voalaza hoe: *“Ny fanahy no mifona amin'ny fitarainana tsy azo tononina.”* (Rômanina 8:26) Mahafaly an'Andriamanitra ny mamaly fivavahana toy izany. Rehefa manonona vavaka amin'ny anaran'i Kristy amin-kafanam-po sy amin-kery isika, dia ao amin'io hery io indrindra no misy antoka avy amin'Andriamanitra fa hamaly ny fivavahantsika Izy, “mihoatra lavitra noho izay angatahintsika na heverintsika.”

Fihaonana mivantana

Rehefa manomboka ny fiaraha-mivavaka ianao dia asao hanatona avokoa ny mpivory. Rehefa tafangona ny rehetra dia manaova faribolana. Aoka hifanetiety tsara mba hahafahana manome lanja ny firaisana, izay tena zavadehibe tokoa amin'ny fiaraha-mivavaka. Raha miparitaka manerana ny efitrano ny olona dia hampanano sarotra ny fahenoana ny hafa izany.

Bokim-bavaka

Fomba tsara ahafahana mitahiry ao am-po ny lohahevitra, manao fanekena amin'Andriamanitra ary mahatsapa ireo fitahiany ny fampiasana bokim-bavaka. Ny firaketana an-tsoratra ny vavaka asandrantsika sy ny fitehirizana ireo valim-bavaka voaray dia porofo tena mampahery tokoa.

Raha sitrakao, ny fampiasana ny bokim-bavaka dia azo ampidirina tsara amin'ny Prôgraman'ny folo andro fiaraha-mivavaka, araka izay itiavana azy. Azonao atao ny manokana fotoana mandritra ny fivoriam-bavaka mba hanoratan'ny mpanatrika ao amin'ny bokiny manokana ireo valim-bavaka voarainy tamin'Andriamanitra. Na koa, avondronao anaty firaketana toy ny karine, na taratasy lehibe na aterineto ireo antom-bavaka sy valim-bavaka voaray. Fomba tsotra ahafahana manao izany ny fanaovana tsipika mijidina, mampizara ho roa ny taratasy. Soraty erỳ amin'ny ilany ankavia ny antom-bavaka ary erỳ amin'ny ilany ankavanana kosa ny valim-bavaka.

10

ANDRO
FIARAHA-MIVAVAKA
10–20 Janoary 2018

Mampiantanentana sy mampitombo ny finoana ny famerenana ireny sy ny fahitana ny fomba namalian'Andriamanitra ny vavaka!

Fanehoana Fanajana

Entano, ary manomeza ohatra ny amin'ny fomba fanehoana fanajana. Manakaiky ny Seza fiandrianan'ny Mpanjakan'izao tontolo izao isika. Aoka tsy haneho tsy fitandremana amin'ny fihetsika sy ny fomba fanao. Na izany aza, tsy voatery handohalika mandrakariva. Fanirianao ny hampahazo aina tsara ny olona mandritra ny adiny iray, noho izany, entano izy ireo handohalika na hipetraka na hitsangana araka izay itarihan'Andriamanitra azy sy izay ahazoany aina.

Fehezanteny ao anatin'ny vavaka

Ny vavaka dia tokony ho fohy ary tsy miolakolaka. Izany dia ahafahana manome tombontsoa ny hafa mba hivavaka ihany koa. Ezaho hahohezina amin'ny alalan'ny fehezanteny vitsy foana ny vavakao. Afaka mivavaka imbetsaka ny tsirairay. Ny vavaka fohy dia mahatonga ny fotoana hahaliana mandrakariva ary mamela ny Fanahy Masina haneho amin'ny vondrona ny tena fomba fivavaka. Tsy ilaina ny manokatra sy mamarana ny fehezanteny tsirairay amin'ny “Andriamanitra ô!” sy ny “Amena”. Resaka mitohy ifanaovana amin'Andriamanitra no atao amin'izany fotoana izany.

Fahanginana

Na dia mpitarika aza ianao dia aza anjakanao loatra ny fotoam-bavaka. Ny tanjona dia ny hampandraisana anjara ny rehetra. Anisan'ny fotoana mahafinaritra tokoa ny fotoanan'ny fahanginana, satria izany dia manome fotoana ahafahan'Andriamanitra miteny ao am-pontsika. Avelao ny Fanahy Masina hiasa, ary omeo fotoana hivavahana ny tsirairay.

Fiderana

Ny hira fiderana tsy nilàna fanomanana mialoha, eny anelanelan 'ny vavaka, dia manampy amin'ny fanomezana endrika tsara ny fivoriam-bavaka. Ny hira tsy maintsy hiraina ankoatra izay dia milahatra amin'ny fiafaran'ny lohahevitra tsirairay. Aoka tsy hihevitra fa tsy maintsy hiraina avokoa ny hira voalahatra mialoha rehetra - soso-kevitra ihany ireo. Ny fiderana dia anisan'ny fomba tsara hialana amin'ny fizaram-bavaka iray ho amin'ny iray hafa.

Mandray ireo antom-bavaka

Aoka tsy hanontany antom-bavaka avy amin'ny vondrona. Fa, ilazao kosa ny mpanatrika mba hivavaka ho an'ny antom-bavak'izy ireo ary entano ny hafa,

10

ANDRO
FIARAHA-MIVAVAKA
10–20 Janoary 2018

raha azo atao, hanatona azy ireo ary hiara-mitondra ny antom-bavaka. Iza no antony: Fotoana! Ny firesahana momba ny antom-bavaka dia hihazona ny ankamaroan'ny fotoana. Faly i Satana raha afaka mihazona antsika hiresaka mahakasika ilay olana fa tsy mivavaka momba ilay olana. Ireo mpikambana ao anatin'ny vondrona dia matetika no manomboka amin'ny fanomezana torohevitra sy fanolorana vahaolana. Ny hery dia avy amin'Andriamanitra! Arakaraka ny hivavahantsika no hampitombo ny Heriny.

Ny fotoananao isan'andro

Ity no tena zava-dehibe indrindra. Aoka ho azonao antoka fa amin'ny mahampitarika anao dia manokana fotoana hipetrahana eo an-tongotr'i Jesôsy isan'andro ianao, amin'ny firesahana Aminy sy famakiana ny Teniny.

Raha ny fahafantarana an'i Jehôvah no ataonao laharam-pahamehana amin'ny fiainanao dia hanokatra fanandramana mahafinaritra ho anao izany. *“Avy tao amin'ny toeram-pivavahana mangina no niavian'ny hery izay nanozongozona izao tontolo izao tamin'ny andron'ny Refôrmasiona lehibe. Tamin'ireny toerana ireny no nametrahan'ireo mpanompon'i Jehôvah ny tongony tambonin'ny vatolampin'ny teny fikasany.”* (Hery Mifanandrina, t. 214)

NY MPISORONABE

ANDRO VOALOHANY – ILAY DILOILO FANOSORANA

“Endrey, tsara sady mahafinaritra raha ny mpirahalahy no miara-monina. Tahaka ny diloilo tsara amin’ny loha, izay mitsororoka amin’ny somotra, dia ny somotr’i Arona, izay mitsororoka amin’ny moron-tongotr’akanjony.”
(SALAMO 133:1, 2)

TORO-MARIKA HO FANATANTERAHANA NY FOTOAM-BAVAKA

Fiderana

- Tompo ô! Midera Anao izahay noho ny fampanantenana ny Fanahy Masinao. Midera Anao izahay noho ny nanomezanao ny Fanahy Masinao ho an’izay mangataka izany.
- Misaotra Tompo ô, satria ny Fanahy Masinao dia afaka mitondra fampiraisana eo anivon’ny mambran’ny fiangonana

Fiaiken-keloka sy fangatahana fandresena ny ota

- Tompo ô, miangavy Anao izahay, aseho any ny ota izay tokony hibebahanay ao am-ponay. Mangataka Aminao, omeo any ny fandresena ireny ota ireny.
- Mamelà any tamin’ny tsy nanokafanay manontolo ny fonay hiasan’ny Fanahy Masina.
- Mamelà any tamin’ny tsy nanekenay mandrakariva hiara-miaina sy hiaramiasa amim-pirahalalahiana ho an’ny hafa.

Fitalahoana sy Fanelanelanana

- Ray ô ! Manampia any hahita ny filàny ny Fanahy Masina. Enga anie izany hitarika any ho amin’ny Fahamarinana rehetra. (Jaona 16:13).
- Manampia any hanana fo tsotra *“Miezaha mitady fihavanana amin’ny olona rehetra ary fahamasinana; fa izay tsy manam-pahamasinana dia tsy hahita ny Tompo.”* (Hebreo 12:14)
- Miangavy Anao izahay, omeo any ny Fanahy Masina hampianatra any ny zavatra rehetra ary hampahatsiaro any izay rehetra nolazainao taminay.
- Tompo ô! Ny Fanahy Masinao anie hamonjy any amin’ny fahalemenay, ka hampahafantatra any izay vavaka tokony hataonay. (Rômanina 8:26).

10

ANDRO
FIARAHA-MIVAVAKA
10–20 Janoary 2018

- Tompo ô ! Ampio ny fiangonanao hanandratra an'i Kristy : Izy ilay nohomboana tamin'ny Hazo Fijaliana ary mbola hiverina indray. Manomeza anay ny fo mangoraka ireo fanahy very.
- Miangavy Anao izahay, tahio ny asa fitoriana manerana ny vohon-tany, mandritra ity taona ity. Mangataka manokana ho an'ny Ezaka fitoriana “Ny Mambra Rehetra Mandray Anjara” any Japana sy Zambia, ary Filipinina izahay.
- Mivavaka izahay ho an'ny fifohazana ara-panahin'ireo tanora Advantista mitandrana ny andro fahafito izay mianatra eny anivon'ireo sekoly sy anjerimanontolo manerana izao tontolo izao. Maniry izahay ny mba hahatonga azy ireo ho Ambasadaoro mavitrika ho an'i Kristy.
- Tompo ô ! miangavy anao izahay, tahio ny asan'ny Iraka Maneran-tany. Omeo fahendrena ireo mpiasanao amin'ny ezaka ho fandrindrana ny “fananganana Fiangonana” eto amin'izao tontolo izao sy ny fitadiavam-bola handefasana ireo mpamaky lay any amin'ireo faritra tsy mbola tafiditry ny hafatry ny filazantsara.
- Tahio ireo mambra mahatoky ao amin'ny fiangonana izay manohana ny asanao, na kely na be ny fanomezana omeny. Miangavy Anao izahay, aoka ny Fanahy Masinao hitari-dalana anay hanome amin'ny fo ary handray ireo fitahiana rehetra avy amin'ny fitantanana mahatoky.
- Miangavy anao izahay, tahio ny ezaka rehetra izay ataon'ny Sampana Aumônerie amin'ny fampitaovana ireo mpitondra fivavahana eny anivon'ireo toby maro samy hafa, sy ny fandavan-tena ananan'izy ireo hiasa eny anivon'ny fonja, eny amin'ireny trano fitsaboana ireny, ary eny amin'ny toby miaramila ary ny maro samy hafa.
- Tompo ô ! Mangataka ihany koa izahay ho an'ireo olona fito (na mihoatra) izay ao anaty lisitra manokana eto am-pelatananay. Ampio izy ireo hamela ny Fanahy Masina hiasa eo amin'ny fiainany.
- Mangataka ihany koa izahay ho an'ny filàn'ny tsirairay izay manatrika izao fotoana izao.

Fisaorana

- Misaotra Andriamanitra ô, tamin'ny nanomezanao ireo teny fikasana maro dia maro mahakasika ny Fanahy Masina.
- Misaotra ny amin'ny Teny Fikasanao, ao amin'ny Lioka 11:13: “*Koa raha hianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Ray, Izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka aminy?*”
- Misaotra ny amin'ny Fanahy Masinao izay mitarika anay ho amin'ny fahamarinana.

ILAY DILOILO FANOSORANA

"Endrey, tsara sady mahafinaritra Raha ny mpirahalaha no miaramonina. Tahaka ny diloilo tsara amin' ny loha, Izay mitsororoka amin' ny somotra, dia ny somotr' i Arona, Izay mitsororoka amin' ny moron-tongotr' akanjony." (SALAMO 133:1, 2)

Ny diloilo izay nanosorana ny mpisorona dia maneho ny Fanahy Masina. Iaintsika ny Fanahy Masina, Ilay hany tokana afaka hitondra fampiraisana ao amin'ny fiangonantsika, mba hampahomby antsika amin'ny iraka nampanaovina antsika.

Tsy maintsy miafina ao amin'i Kristy ny fiainantsika. Tsy maintsy manana fahalalana manokana an'i Kristy isika. Amin'izay isika vao afaka haneho marina Azy eo amin'izao tontolo izao. Na aiza na aiza misy antsika, dia tsy maintsy avelantsika hazava tsara eo anoloan'ny Voninahitr'Andriamanitra ny jirontsika amin'ny alalan'ny asa tsara izay ataontsika. Izany no asa lehibe sy manan-danja amin'ny fiainantsika. Ireo izay tena eo ambanin'ny hery miasa manginan'ny Fanahy Masina dia haneho ny heriny amin'ny fampiharana tsotra ny foto-kevitra mandrakizain'ny Fahamarinana. Hasehon'izy ireo fa ny diloilo masina dia hitsotsorika avy amin'ireo sampan'ôliva roa ao amin'ny efitry ny tempolin'ny Fanahy. Ny tenin'izy ireo dia hofenoina ny herin'ny Fanahy Masina mba hanalefaka sy hampilefitra ny fo. Hiseho miharihary fa ny teny izay hambara dia fanahy sy fiainana. (*Reflecting Christ*, p. 130)

Izy, izay mahatsapa ny fahalemeny, nitolona tamin'Andriamanitra tahaka an'i Jakôba, sy ity mpanompo fahizay, niantso mafy nanao hoe : "*Tsy havelako handeha Hianao, raha tsy tahinao aho.*" no handeha miaraka amin'ny hosotra mamelombelon'ny Fanahy Masina. Ny tsio-drivotry ny lanitra no handrakotra azy. Hitondra hery lehibe ho an'ny fivavahana amin'i Kristy ny hery miasa mangina avy aminy. . ." (*Medical Ministry*, p. 203)

"Fa raha tonga ny Fanahin' ny fahamarinana, dia Izy no hitari-dalana anareo ho amin' ny marina rehetra; fa tsy hiteny ho Azy Izy, fa izay ho reny dia holazainy avokoa; ary ny zavatra ho avy aza dia hambarany aminareo." (Jaona 16:13)

10

ANDRO
FIARAHA-MIVAVAKA
10–20 Janoary 2018

Enga anie ka hitombo amin'ny fahalalana ny fahamarinana isika, hanome Azy ny fiderana sy voninahitra rehetra; Izy Ilay iray amin'ny Ray. Enga anie ka hanao izay azontsika atao rehetra isika hikatsaka ny hosotry ny lanitra, dia ny Fanahy Masina izany. Enga anie ka ho madio, hitombo amin'ny fiainana kristianina isika, ka rehefa tonga eo amin'ny fitsaràn'ny lanitra isika dia ho voaantso tsy manan-tsiny ao amin'i Kristy." (*Reflecting Christ, p. 219*)

Tsy maintsy misy fifanakalozana tsy miato avy amin'ny fandraisana sy fanomezana; fandraisana sy fizaràna. Izany no mampiray antsika, amin'ny maha-mpiasan'Andriamanitra antsika. Izany no asa mandritra ny fiainana ho an'ny Kristianina. Fa izay mamery ny ainy dia hahazo azy.

Nitombo ny fahafahana mandray ny diloilon'ny Fanahy avy amin'ireo hazon'ôliva roa rehefa navoakan'ny mpandray azy avy ao aminy manontolo izany diloilo masina izany tamin'ny alalan'ny fiteny sy ny asa, mba hanomezany izay ilain'ny hafa. Asa sarobidy, asa mahafa-po – mandray sy mizara tsy miato.

Tsy maintsy manana vatsy mamelombelona isan'andro isika. Mety ho firy ny Fanahy azontsika ampiana amin'ny alalan'ny fifaneraserana amin'izy ireny ! Ny lanitra manontolo dia miandry ireo fantsona ahafahana mandraraka ny diloilon'ny Fanahy Masina, mba hitondra fifaliana sy fitahiana ho an'ny hafa. Inoako fa tsy hisy hanao tsirambina ny asany raha ho tonga iray amin'i Kristy izy ireo. Rehefa mitoetra amintsika Izy, dia tsy maintsy hiasa mafy sy mitohy isika, mba hampitoetra ny asantsika. Ny fahafenoan'Andriamanitra no hirotsaka eo amin'ny mpiasa voatokana mba hahafahany mizara amin'ny hafa. (*Testimonies for the Church, vol. 6, pp. 116, 117*)

Rehefa mifehy ny sain'ny mambra ny Fanahy Masina, dia hisy tombam-bidiny kokoa ny fomba fiteny, ny asa, ny ara-panahy, mihoatra noho ny tamin'ny lasa. Ny mambran'ny fiangonana dia handray famelombelomana avy amin'ny rano velona, ary ny mpiasa, izay miasa eo ambanin'ny fitarihan'ny loha iray, dia i Kristy, dia hanambara ny Tompony amin'ny Fanahy, amin'ny teny, amin'ny asa, ary hifampahery mba handroso amin-kery lehibe, hiara-miasa akaiky amin'izay efa nanolorantsika tena. Hitombo ny firaisana sy ny fifankatiavana, izay ho vavolombelona eto

10

ANDRO
FIARAHA-MIVAVAKA
10–20 Janoary 2018

amin'izao tontolo izao fa Andriamanitra efa naniraka ny Zanany mba ho faty ho fanavotana ny mpanota. Hisandratra ny fahamarinan'Andriamanitra, ary arakaraka ny mampahazava ny jiro, no hahatakarantsika azy bebe kokoa hatrany. (*Counsels for the Church, p. 100*)

Manakaiky ny faran'ny tantaran'ny tany isika, ary Andriamanitra dia miantso ny rehetra hanandratra ny faneva mitondra ny soratra hoe: «Indreto ireo izay mitandrina ny Didin'Andriamanitra sy ny finoana an'i Jesôsy.» Miantso ny vahoakany Izy mba hiara-miasa amim-pirindrana tanteraka. Miantso ireo izay nanolo-tena hiasa eo amin'ny sehatry ny fitsaboana Izy mba hiara-miasa amin'ny Pasitora; miantso ny Pasitora Izy hifanome tanana amin'ireo Misiônera eo amin'ny sehatry ny fitsaboana; miantso ny fiangonana koa Izy handray ny andraikitra voatendry ho azy ireo, dia ny fihazonana ny fenitry ny tena fanavaozana marina ao amin'ny faritra voatokana ho azy, mamela ireo mpiasa voaofana sy za-draharaha hiditra amin'ny sehatra vaovao. Tsy misy teny fanakiviana tokony hatao satria mampalahelo ny fon'i Kristy izany ary mahafaly ny fahavalo. Mila hatao batisan'ny Fanahy Masina avokoa ny rehetra. Ny rehetra dia tsy tokony hanilika sy hanaparitaka teny fanalam-baraka, fa hanakaiky an'i Kristy, mba hahazoan'izy ireo mankasitraka ireo andraikitra mankadiry izay sahanin'ny mpiara-miasa aminy. «Miara-mientana, miara-mientana !”, izany no tenin'Ilay Mpampianatra Masina amintsika. Ny firaisana no hery; Ny fisarahana dia fahalemena sy faharesena. (*Counsels on Health, pp. 517, 518*)

NY MPISORONABE

ANDRO FAHAROA – HAMASININA HO AN’NY TOMPO

Ary aoka ho masina ho Ahy hianareo, satria masina Aho Jehovah; ary efa navahako tamin’ny firenena samy hafa hianareo mba ho Ahy. (LEVITIKOSY 20:26)

SOSO-KEVITRA FANDRINDRANA NY FOTOAM-BAVAKA

Fiderana

- Tompo ô, midera Anao izahay satria Andriamanitra Mahery Ianao, Hendry, be famindrampo ary be fitiavana
- Midera Anao izahay satria miantso anay tsirairay avy mba ho masina Ianao.
- Midera Anao izahay satria manana ny hery entina manamasina anay Ianao.

Fiaiken-keloka sy fangatahana hery hoenti-mandresy ny fahotana

- Tompo ô, miangavy Anao izahay, aseho anay ireo fahotana tokony hibebahanay ampahibemaso ary ireo izay tokony hibebahanay manokana. Mangataka ny herinao izahay hoenti-mandresy ireo fahotana ireo.
- Mamelà anay tamin’ny fotoana rehetra izay niezahanay niady tamin’ny fahotana tamin’ny herinay manokana.
- Mamelà anay tamin’ny fotoana rehetra tsy nahombiazan’ny fanehoanay ny toetranao amin’ny hafa. Enga anie ny fiainanay haneho mandrakariva fa voatokana ho Anao ary Anao izahay.

Fangatahana sy Fanelanelanana

- Ray ô, miangavy Anao izahay, aseho anay ny hevitra ny hoe “masina”. Ampahafantaro anay ny fahamasinanao.
- Aseho anay izay tokony hataonay hanananay “fahamasinana” fa izay “tsy manana fahamasinana dia tsy hahita ny Tompo» (Hebreo 12:14).
- Tompo ô, “aoka harovana avokoa ny fanahinay sy ny ainay ary ny tenanay, ka ho tanteraka tsy hanan-tsiny amin’ny fiavian’i Jesosy Kristy Tomponay.” (1 Tesalônianina 5:23).
- Miangavy Anao izahay, “amorony fo madio izahay.” (Salamo 51:10).
- Miangavy Anao izahay, aseho anay ny fombahankalazana an’Andriamanitra amin’ny tenanay. (1 Kôrintianina 6:20).
- Mitahia ny sampan-draharaha ADRA amin’ny asa sahanin’izy ireo amin’ireo mahantra sy tsy misy mpiahy eny anivon’ny fiarahamonina.

10

ANDRO
FIARAHA-MIVAVAKA
10–20 Janoary 2018

- Tompo ô, miangavy Anao izahay, hamafiso ny finoanay ary tariho izahay hahafoy fotoana misismisy kokoa amin'ny fianarana Baiboly sy ny fivavahana. Mamelà anay hiara-mandeha Aminao isan'andro toa an'i Enôka.
- Miangavy Anao izahay, atodiho amin'ireo soatoavina mandrakizay ny fonay, fa tsy ireo fialam-bolin'ity izao tontolo izao ity. Arovy amin'ny fitaoman'izao fiainana izao izay manimba ny fanandramana ara-panahinay isan'andro izahay.
- Ray ô, aoka ny sitraponao ho tanteraka eo amin'ny fiainanay sy ao ampiangonanay, fa tsy ny anay. Mampianara anay hanana fanetren-tena, ho mora atoro, ary ho vonona hanaiky ny drafitrao.
- Miangavy Anao, tariho izahay hanombo ny tenanay ary hiaina amin'ny herin'i Jesôsy. Mangataka manokana ny hitarihanao ny tanoranay, ny hanampiana azy ireo hanokana ny fiainany manontolo amin'ny fanompoana Anao
- Mivavaka ho an'ireo olona fito (na mihoatra) izay ao anatin'ny lisitra eto am-pelatananay izahay. Enga anie izy ireo hanokatra ny fony mba hahafahanao manamasina azy ireo.
- Mivavaka ihany koa izahay ho an'ny filàn'ny tenanay izay tafavory etoana.

Fisaorana

- Tompo ô, misaotra Anao izahay fa voasasa sy nohamasinina ary nohamarinina tamin'ny «anaran'i Jesosy Tompo sy tamin'ny Fanahin'Andriamanitsika» (1 Kôrintianina 6:11).
- Misaotra Anao noho ny nanomezanao anay fo vaovao (Ezekiela 36:26).
- Misaotra Anao fa nohamasinin'ny Teninao izahay (Jaona 17:17).

HAMASININA HO AN'I JEHOVAH

“**A**ry aoka ho masina ho Ahy hianareo, satria masina Aho Jehovah; ary efa navahako tamin'ny firenena samy hafa hianareo mba ho Ahy.” (LEVITIKOSY 20:26)

“**H**AMASININA HO AN'NY TOMPO”, izany no hita eo amin'ny hamama eny amin'ny lohan'ny Mpisoronabe. Ny Tompo dia miantso antsika, toy ny niantsoany ny mpisorona fahiny, mba hanana fiainana miavaka sy masina. Ny fiainantsika dia fijoroana ho vavolombelona ho Azy.

"Dia namaly Jehovah ka nilaza tamin' izay nitsangana teo anoloany hoe: Esory aminy ny fitafiana maloto. Ary hoy koa Izy taminy: Indro, efa nesoriko ny helokao, ary hampikianjoiko akanjo fihaingoana hianao. Dia hoy izaho: Aoka hasiany hamama madio eo an-dohany. Ka dia nasiany hamama madio teo an-dohany, sady nampitafiny izy; ary Ilay Anjelin' i Jehovah dia nitsangana teo." (Zakaria 3:4, 5)

Tsy mandà ny fanamelohana ny amin'ny tsy fahamendrehan' i Josoa ny Tompo, fa nasehony kosa fa efa novidiny izy. Nampikianjoany azy ny Akanjom-pahamarinany, tsy mametraka ireo fitafiana ireo teo ambonin'ny fitafiana maloto vokatry ny tsy fankatoavana sy ny fandikandalàna Izy, fa izao no nolazainy voalohany : "Esory aminy ny fitafiana maloto. Ary hoy koa Izy taminy: Indro, efa nesoriko ny helokao, ary hampikianjoiko akanjo fihaingoana hianao. Dia hoy izaho: Aoka hasiany hamama madio eo an-dohany. Ka dia nasiany hamama madio teo an-dohany", ary nasiana soratra hoe "Hamasinina ho an'ny Tompo". (*Manuscript Releases, vol. 20, pp. 190, 191*)

Ny kristianina dia tokony hijoro ho solontenan'ny foto-kevitra ny lanitra. Izy dia voafatotry ny adidy masina haneho ny fahamarinana amin'ny hatsaran-toetrany sy ny hatsaram-panahiny. Ny fahalempanahy sy ny fahatsaram-panahy ary ny fahamarinan-toetra hentitra dia tokony hanamarika ny teniny sy ny fihetsiny. Nohamasinina ho an'Andriamanitra, voatokana ho amin'ny fanompoana Azy, hanaja mandrakariva ny finoany izy. Tsy misy kofehin'ny fitiavan-tena mifamatotra amin'ny toetrany. Isika dia tokony hampianatra ny tenantsika haneho ny Fanahin'Andriamanitra amin'ny fiainantsika manontolo. Ny Fanahin'Andriamanitra dia tsy hamitaka velively ny lalan'ny zanak'Andriamanitra. Amin'ny alalan'ny hery entin'ny Fanahy Masina, dia afaka manaisotra ireo zavatra rehetra mampiahiahy amin'ny fiainantsika isika. Raha tsy maintsy mivoaka avy ao amin'ny haizina izay mahatonga ny tsy finoana hameno ny fanahy isika, ka hametraka ny tenantsika ho eo amin'ny fiposahan'ny hazavana mazava avy amin'ny fahazavan'ny tenin'Andriamanitra, dia handray fitahiana amin'ny lalana mankany amin'ny fahamasinana... (This Day with God, p. 281)

Andriamanitra dia nisafidy ny olombelona mba ho masina mandrakizay. «Izao no sitrapon'Andriamanitra momba anao, dia ny mba hahamasina anao.» Tonga amintsika ny antsony, manao

hoe : « Masina, Masina mandrakariva », ary izao no tena tokony hamaliantsika izany mandrakariva : “Eny, Tompo, Masina mandrakariva.”

Tsy misy olona mahazo fanamasinana noho ny fizokiana, na mandray izany avy amin’ny hafa. Ny fanamasinana dia fanomezana avy amin’Andriamanitra amin’ny alalan’i Kristy. Ireo izay mandray ny Mpamonjy dia tonga zanak’Andriamanitra. Izy ireo no zanany ara-panahy, nateraka indray, nohavaozina tamin’ny fahamarinana sy ny tena fahamasinana. Niova ny fisainan’izy ireo. Nanana fahitana mazava kokoa nahafahany nibanjina ny tena zava-misy marina izy. Noraisina ho anisan’ny ankohonan’Andriamanitra izy ary tonga nanam-pitoviana Taminy, niova tamin’ny alalan’ny Fanahiny, avy amin’ny voninahitra ho amin’ny voninahitra. Nolaviny ny tenany, ka tonga mankamamy ny fitiavana fara tampony ho an’Andriamanitra sy ho an’i Kristy izy ireo. (*Signs of the Times, Dec. 17, 1902*)

Ny Mpamonjy antsika dia Mpamonjy tsy mikatsaka afa-tsy izay mahasoana ny maha-olona manontolo. Izy dia tsy Andriamanitra amin’ny ampahany ihany. Ny fahasoavan’i Kristy dia miasa ho amin’ny fifehezana ny vatan’olombelona manontolo. Izy no namorona ny zavatra rehetra. Izy no nanavotra ny olon-drehetra. Izy no nanome ny saina, ny hery, ny vatana ary ny fanahy. Mpiombona amin’ny toetran’Andriamanitra Izy, ary ny rehetra dia fanaka voafidiny. Tsy maintsy tompoina amin’ny saina, fo, fanahy ary ny hery manontolo izy. Amin’izany no hankalazàna ny Tompo eo amin’ny olo-masiny, amin’ny andavanandro sy amin’ny zavatra ny tany. « Hamasinina ho an’ny Tompo », izany no soratra tokony ho hita eo amin’izy ireo. (*God’s Amazing Grace, p. 230*)

Raha ny lehilahy rehetra, na inona na inona andraikitra tanany, no tsy maintsy voatery hanatsara ny tombontsoa rehetra ananany mba hahombiazany sy hananany fahendrena, dia amin’ny fanehoany ny fahaiza-manaony amin’ny fananganana ny fanjakan’Andriamanitra eto amin’izao tontolo izao no hahatanteraka izany. Satria miaina ao anatin’ny tantara faran’ity tany ity isika, dia tokony ho malina kokoa amin’ny fomba fiasa, miambina amim-pitandremana fatratra, mivavaka, ary miasa. Ny asa fanompoana ara-pivavahana sy ny andraikitra sahanin’ny sampana tsirairay

10

ANDRO
FIARAHA-MIVAVAKA
10–20 Janoary 2018

dia tokony hitondra ny tombokasen'ny lanitra. «Hamasinina ho an'ny Tompo», izany no tokony ho teny filamatry ny mpiasa ao anatin'ny sampana tsirairay avy. Ny mpandraharaha dia tokony hiezaka hanatratra ny fahatanterahana, mba ho kristianina môdely, tanteraka ao amin'i Kristy Jesôsy. (*Review and Herald, Oct. 5, 1905*)

Satria Izy efa niantso anareo ho masina, dia “aoka mba ho masina koa hianareo amin'ny fitondran-tena rehetra, satria voasoratra hoe: «*Ho masina hianareo, satria masina Aho*» (1 Petera 1:15,16)

NY MPISORONABE

ANDRO FAHATELO — ESORY NY KAPANAO

«*Esory ny kapanao amin' ny tongotrao, fa tany masina io ijanonanao io.*»
(EKSODOSY 3:5)

SOSO-KEVITRA FANDRINDRANA NY FOTOAM-BAVAKA

Fiderana

- Tompo ô, manomboka izao fotoana izao amin'ny fiderana Anao izahay noho ny toetranao tsy manam-paharoa sy ny maha-Andriamanitra Fitiavana Anao.
- Midera Anao izahay noho ny ohatra nasehon' i Jesôsy, izay nitafy fanetren-tena.
- Midera Anao izahay satria monina «ao amin'ny fitoerana avo sy masina, miaraka amin'ny torotoro fo sy manetry tena Ianao, mamelombelona ny fanahin'ny manetry tena ary mamelombelona ny fon'ny torotoro fo.»

Fihaiken-keloka sy Fangatahana Hery Handresena ny Fahotana

- Tompo ô, miangavy Anao izahay, aseho any ireo fahotana tokony hibebaranay ampahibemaso ary ireo izay tokony hibebaranay manokana. Mangataka ny herinao izahay hoenti-mandresy ireo fahotana ireo.
- Mamelà anay tamin'ny fotoana rehetra izay tsy nanananay fo tsotra.
- Mamelà anay tamin'ny fotoana rehetra izay tsy nahafahanay nanaiky tanteraka ny fahotanay noho ny avonavonay

Fitarainana sy Fanelanelanana

- Tompo ô, miangavy Anao izahay, ampianaro anay ny hevitra ny hoe «*Koa amin' izany manetry tena ambanin' ny tàna-maherin' Andriamanitra, mba hanandratany anareo amin' ny fotoan' andro.*» (1 Petera 5:6).
- Miangavy Anao izahay, aseho any ny fomba hitondranay ny ziojanao sy hianaranay Aminao, satria “*malemby fanahy sady tsy miavona am-po*” Ianao. (Matio 11:29).
- Mangataka Aminao izahay, aseho any ireo zavatra eo amin'ny fiananay, ka ilàny fianarana ny amin'ny fanetren-tena.
- Tompo ô, miangavy Anao izahay, aoka hisandratra avy Aminao ireo

10

ANDRO
FIARAHA-MIVAVAKA
10–20 Janoary 2018

mpitondra fivavahana manetry tena, maneho ny toetran'i Kristy amin'ny teniny sy ny asany. Ary aseho any ny fomba hanohanana ireo mpitarika anay amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fampaherezana ary ny fanompoana an-tsitrapo.

- Enga anie ny fiangonanay hanambara amim-pahatokiana tanteraka ny hafatry ny anjely telo ao amin'ny Apôkalipsy 14. Manomeza anay fahendrena mba hametraka ny fahamarinan'i Kristy eo amin'ny ivon'ireo hafatra ireo.
- Miangavy Anao izahay, tahio ireo ezaka ataonay ho fananganana «foiben-toerana manana hery miasa mangina» eny anivon'ireo tanàn-dehibe manerana izao tontolo izao. Omeo anay ny maso afaka hahita ny tena filàna fototry ny tanàna tsirairay. Omeo fahaiza-mamorona mba hahafahanay mahita ireny filàna ireny. Aseho any ny fomba hitarihana amim-pitiavana ny hafa.
- Tompo ô, mangataka Aminao izahay ho an'ny fifohazana sy fanavaozana eo amin'ny fiainanay manokana, ny ankohonanay, ny fiangonanay ary ny fiarahamonina misy anay. Atombohy amin'ny fanovàna ny fonay izany mba hahafahan'ny fahasoavanao mikoriana amin'ny alalanay.
- Tompo ô, miangavy Anao izahay, omeo saina ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito manerana izao tontolo izao mba hanao vavaka mafana, mihoatra lavitra noho ny tamin'ny lasa rehetra. Manampia anay hiaramitalaho ny ranonorana faran'ny Fanahy Masina. Mangataka Aminao izahay ny amin'ny Teny fikasana izay voasoratra ao amin'ny Joela 2, Hôsea 6 sy Asan'ny Apôstôly 2.
- Tompo ô, mivavaka ho an'ireo olona fito (na mihoatra) ao amin'ny lisitra eto am-pelatananay izahay. Enga anie izy ireny hanana fanetren-tena, ary hamela ny Fanahy Masina hampianatra azy ireo.
- Mivavaka ihany koa izahay ho an'ny filàna manokan'ireo izay tafavory eto

Fisaorana

- Tompo ô ! Misaotra ny amin'ity Teny Fikasana ity: “*Mitarika ny mpandefitra amin'ny marina Izy, ary mampianatra ny mpandefitra ny làlany.*” (Salamo 25:9).
- Misaotra Anao izahay ny amin'i Jesôsy , izay “*nanetry tena ka nanaiky hatramin'ny fahafatesana, dia ilay fahafatesana tamin'ny hazo fijaliana.*” (Filipianina 2:8).
- Misaotra Anao satria ny “fanetren-tena no mialoha ny fisandratana”. (Ohabolana 15:33)

ESORY NY KAPANAO

"Esory ny kapanao amin'ny tongotrao, fa tany masina io ijanonanao io" (EKSODOSY 3:5)

Nampitandrina an'i Mosesy Andriamanitra mba tsy hanakaiky amim-pahasahisahiana. Ny fanesorana kapa dia nanondro ny fahazarana manaja ilaina amin'ny fivavahana marina.

"Toe-tsaina lalina sy feno fanajana no aoka hoentiny izay rehetra miseho eo anatrehan'ny Avo Indrindra." (Patriarka sy Mpaminany, t. 249.1) "

"Azontsika atao ny manatona an'Andriamanitra amin'ny anaran'i Jesôsy amim-pahatokiana, fa tsy amim-pahasahisahiana mieboebo, toy ny hoe mitovy saranga Aminy iny isika. Misy olona miteny amin'Ilay Andriamanitra lehibe sy masina ary matahotra "Izay mipetraka any amin'ny fahazavana tsy azo atonina" tahaka ny fiteny amin'ny olona mitovy aminy na ambany noho izy. Ny hafa indray mitondra tena ao an-tranon'Andriamanitra amin'ny toetra tsy sahiny atao amin'ny efitrano fandraisana olona an'ny fanjakan'ny tany (...) Izay rehetra mahatsapa marina tokoa ny fanatrehan'Andriamanitra dia manatona Azy amin'ny fitsaohana masina ka miankohoka amim-panetren-tena." (Patriarka sy Mpaminany, t. 249.1)

"Ny atao hoe mitafy fanetren-tena tsy midika akory fa tokony ho zenizeny isika eo amin'ny ara-tsaina, hirefarefa eo amin'ny zavatra kendrena, ary ho kanosa eo amin'ny fiainantsika, ka mandositra ny hitondra entana sao tsy haintsika ny hitondra azy amim-pahombiazana. Ny tena fanetren-tena dia manatanteraka ireo fikasan'Andriamanitra amin'ny fiankinana amin'ny heriny." (Henoinareo ny Fanoharana, t. 317)

Nefa manome fahasoavana bebe kokoa Izy. Koa hoy izy: «Andriamanitra manohitra ny mpiavonavona, fa manome fahasoavana ho an'ny manetry tena» (Jakôba 4:6)

Andriamanitra dia miasa amin'ny alalan'izay tiany hoentina miasa. Indraindray Izy dia mifidy izay fiasana ambanimbany indrindra hanao ny asa lehibe indrindra, satria ny heriny dia aseho amin'ny alalan'ny fahalemen'ny olona. Manana ny fetrantsika isika, ary izany no ilazantsika fa lehibe ny zavatra iray ary kely ny hafa; nefa Andriamanitra dia tsy manombana antsika araka ny lalantsika. Tsy tokony hihevitra isika fa izay lehibe amintsika dia tsy maintsy ho lehibe amin'Andriamanitra, na izay kely amintsika dia tsy maintsy kely koa Aminy.

Fanao tsy mendrika ny midoka tena... Ny valisoa dia tsy noho ny asa, “fandrao hisy hirehareha”, fa noho ny fahasoavana avokoa izany.

Tsy misy fivavahana ao amin'ny fanomezana voninahitra ny izaho. Izay manao ny fanandratan-tena ho zava-kendreny dia hahita ny tenany ho mahantra amin'ny fahasoavana, izay hany afaka hahatonga azy hahavita eo amin'ny fanompoana an'i Kristy. Na iza na iza no hampanaranam-po ny avonavona sy ny fanandratan-tena dia simba ny asa...

Izay tena kristianina marina eo amin'ny fiainany manokana, eo amin'ny fampileferany ny tenany isan'andro, eo amin'ny fahatsoran'ny fikasany sy ny fahadiovan'ny eritreriny, eo amin'ny fahalemem-panahiny raha misy fiantsiana azy, amin'ny toetra mahatoky amin'ny kely indrindra, eo amin'ny finoana sy ny fitiavam-bavaka, ny olona izay mampiseho ny toetran'i Kristy eo amin'ny fiainany ao an-tokantrano, ny olona toy izany no mety ho sarobidy kokoa eo imason'Andriamanitra noho ny misiônera na ny maritiora fanta-daza eran-tany (...) (Patriarka sy Mpaminany, p. 355)

”Koa amin' izany manetre tena ambanin' ny tàna-maherin' Andriamanitra, mba hanandratan'ny anareo amin' ny fotoan' andro. Ny lanitra dia hiara-miasa amin'ireo izay manatona an'i Kristy ho amin'ny fiainana mandrakizay, manolotra ny tenan'izy ireo ho Azy, tahaka izay manolotra ny zava-drehetra ho an'Andriamanitra. Ny zavatra takin'Andriamanitra amin'ireo mpanompony dia ny hijoroan'izy ireo eo ambanin'ny faneva tasin-dràn'ny Andriana Emanoela, izay miezaka ny hanaraka ny fitsipiky ny fahamarinana madio sy tsy misy tsiny. Tsy tokony hiala amin'ny lalan'ny fandavan-tena sy ny fanetren-tenany izay tsy maintsy hodiavin'ny tena Kristianina rehetra izy ireo. Rehefa miara-miasa amin'Andriamanitra izy ireo, dia mitoetra ao anatin'ny i Kristy, Ilay «fanantenan'ny voninahitra». Rehefa mitafy ny fahalemem-panahiny sy ny fanetren-tenany izy ireo dia

hahatsapa fifaliana tsy misy toy izany amin'ny fanaovana ny asa fanompoany. Izay hambom-pon'ny tany dia niova ho faniriana lalina hanompo ny Tompo. (*Review and Herald, May 11, 1897, par. 14*)

Iaintsika ny manakaiky misimisy kokoa an'Andriamanitra sy mba hahitantsika fandrao ny fialonana sy ny faharatsiana dia mampanalavitra antsika amin'ny Mpamonjy. Ny fitiavan-tena sy ny fahatsapana ho mahavita tena dia manidy ny varavaran 'ny fo izay mahatonga fanoherana an' i Kristyka mahatonga ny tena hiteny hoe: «Tsy tiako ny lalanao fa ny ahy ihany.» «Manetre tena eo an-tanan'Andriamanitra, dia hanandraatra anao Izy. Ny fiaiken-keloka tsotra sy avy amin'ny fo, vokatry ny hamafisam-po, ny fitiavana izao tontolo izao, ny fitiavana mirehareha sy ny fahafinaretana, dia hohenoan'Andriamanitra. Ary ireny fahotana ireny dia hihanjahanja eo imason'Ilay Andriamanitra Masina. (*Testimonies to Southern Africa, p. 78*)

Ny Tompo dia nanendry lehilahy sy vehivay izay azony ampiasaina amin'ny asany raha manaiky ny hampiasainy araka ny sitrapony izy ireo. Tsy afaka mampiasa ny olona izay tsy maniry ny hanetry tena na oviana na oviana Izy. Manetre tena, ranadahy isany. Rehefa manao izany ianao, dia azon'ny anjely masina atao ny mifampiresaka aminao, ary mametraka anao eny amin'ny toerana manokana. Amin'izay dia tsy ho diso fifaliana ny fanandramana iainanao. Katsaho mandrakariva izay hampifanaraka ny fiainanao amin'ny fitarihan'Andriamanitra, dia ho mora kokoa aminao ny hanaiky izay hitondran'ny Fanahy Masina anao. (*North Pacific Union Gleaner, March 23, 1910, par. 5*)

NY MPISORONABE

ANDRO FAHEFATRA — NY AKANJO

“Hifaly dia hifaly amin’ i Jehovah aho, ny fanahiko ho ravoravo amin’ Andriamanitra; fa notafiany fitafiana famonjena aho, ary nakanjoiny akanjo fahamarinana.” (ISAIA 61:10)

SOSO-KEVITRA FANDRINDRANA NY FOTOAM-BAVAKA

Fiderana

- Andriamanitra ô, midera Anao izahay satria Andriamanitra Marina sy Madio ary Mahery Ianao.
- Misaotra Tompo ô noho ny fahavononanao hanome anay ny akanjom-pahamarinan’i Kristy.
- Midera Anao izahay satria : *“Ny asan’ ny fahamarinana ho fiadanana; Ary ny vokatry ny fahamarinana dia ho fiadanana sy fahatokiana mandrakizay.”* (Isaia 32:17).

Fiaiken-kelona sy Fangatahana hery hoenti-mandresy ny fahotana

- Tompo ô, miangavy Anao izahay, aseho anay ireo fahotana tokony hibebahanay Aminao.
- Mamelà Anay tamin’ny fotoana rehetra izay niakanjoanay ny akanjom-pahamarinanay fa tsy ny an’i Kristy.
- Mamelà anay tamin’ny fotoana rehetra tsy niankinanay afa-tsy tamin’ny herin’ny tenanay;

Fitarainana sy fanelanelanana

- Tompo ô, miangavy Anao izahay, mitariha anay hanaiky ny akanjom-pahamarinan’i Kristy.
- Ampio izahay hahatakatra fa *«ny fahamarinanay dia toy ny lamba mihosindrà.»* (Isaia 64:5).
- Tompo ô! Manampia anay hahita ny fahamarinanay, araka izay ahitanao azy. Ampio izahay hahita ny fahamarinanao manokana rehefa hitanay izany.
- Miangavy Anao izahay, ampianaro anay ny fomba *«handosirana ny filan’ ny tanora fanahy; ary hiezaka kosa hitady fahamarinana, finoana, fitiavana, ary fihavanana.»* (2 Timoty 2:22).

10

ANDRO
FIARAHA-MIVAVAKA
10–20 Janoary 2018

- Mampianara anay «*hahatanteraka ny fahamarinana ilain' ny lalàna aminay.*» (Rômanina 8:4).
- Miangavy Anao izahay, ampitomboy ao anatinay ny voan'ny fahamarinana.
- Miangavy Anao izahay, miarova ny tanoranay amin'ny fakam-panahin'izao tontolo izao. Atodiho amin'i Jesôsy ny fijeriny.
- Ray ô! miangavy Anao izahay, mampianara anay hizara ny mofon'ny fiainana amin'ny hafa. Raha malemy izahay, dia omeo ny herinao. Raha matahotra izahay, dia omeo ny herim-ponao.
- Mangataka izahay ny hamerenanao indray ny fifantohana eo aminay amin'ny fianarana ny bokin'i Daniela, Apôkalipsy, ary ireo faminaniana hafa. Miangavy Anao izahay, omeo fanantenana miorina tsara ny amin'ny hoavy ary fahatakarana mazava ny amin'ny ady ifanoheran'i Kristy sy Satana ny mambran'ny fiangonana.
- Tompo ô, mampianara anay hianatra ny Teninao ho an'ny tenanay isan'andro. Aoka ny fanahy masinao ho amin'ireo mambra mba handraisana'izy ireo anjara misimisy kokoa amin'ny «Minoa ny Mpaminaniny», amin'ny famakiana ny Baiboly sy ny Fanahin'ny faminaniana, amin'ny maha-fiangonana maneran-tany azy.
- Manampia anay tsy hanao ambanin-javatra sy hikatsaka ny fahendrena avy amin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra, izay nomena ny fiangonanay ao amin'ny bokin'ny Fanahin'ny Faminaniana. Maniry izahay ny mba hahatonga ireny torohevitra ireny ho afaka hitarika anay lalindalina kokoa amin'ny Teninao, dia ny Baiboly.
- Tompo ô! Mivavaka ho an'ireo olona fito (na mihoatra), voasoratra ao amin'ny lisitra eto am-pelatananay izahay. Maniry izahay ny hanovan'ny Fanahy Masinao ny fo sy ny fisainan'izy ireny.
- Mivavaka ihany koa izahay ho an'ny filàny manokana izay manatrika izao fotoana izao.

Fisaorana

- Tompo ô, misaotra Anao satria ireo rehetra izay maniry ny fahamarinan'i Kristy dia afaka ny hahazo izany malalaka tokoa.
- Misaotra Anao izahay noho ny fiainan'i Jesôsy sy ny fahafatesany, izay manome anay fahafahana handray ny fahamarinanao.

NY AKANJO

“**H**ifaly dia hifaly amin' i Jehovah aho, ny fanahiko ho ravoravo amin' Andriamanitra; fa notafiany fitafiana famonjena aho, ary nakanjoiny akanjo fahamarinana.” (ISAÏA 61:10)

Ny akanjo dia mariky ny fahamarinan'i Kristy izay mandrakotra ny fitanjahantsika rehefa manaiky izany isika.

"Izay rehetra mitafy ny akanjom-pahamarinan'i Kristy, dia hitsangana eo anatrehany ho toy ny olom-boafidiny, mahatoky sady olo-marina. Tsy hanam-pahefana handrombaka azy ireo eo am-pelatanan'ny Mpamonjy mihitsy i Satana. Tsy hisy na dia fanahy iray aza izay mitaky ny fiarovany amim-pinoana, no ho lavo eo ambany herin'ny fahavalo. Manome toky antsika amin'izany ny Tenin'Andriamanitra: "Aoka hifikitra amin'ny heriko kosa izy, ka hihavana Amiko; eny hihavana Amiko izy." (Isaia 27:5). Natao ho antsika ny teny fikasana nomena an'i Josoa hoe : "Raha mizotra eo amin'ny lalako hianao sy mitandrina ny didiko, (...) dia homeko lalana ho amin'ireo mitsangana ireo hianao." (Zakaria 3:7). Dieny etỳ an-tany, dia ho eo anilantsika ireo anjelin'Andriamanitra." (Mpaminay sy Mpanjaka, t. 477)

Nny fahamarinan' i Kristy no mahatonga ny mpanota mibebaka ho azo ekena eo anatrehan'Andriamanitra ary manatanteraka ny fanamarinana azy. Na dia feno fahotana aza ny fiainany, rehefa mino an'i Jesôsy ho Mpamonjy ny tenany manokana izy, dia afaka ny hijoro eo anatrehan'Andriamanitra, mitafy ny akanjom-pahamarinana madio, mangatsakatsak i Kristy. (*Faith and Works*, p. 106)

"Ary mba ho hita eo Aminy aho tsy manana ny fahamarinako, izay avy amin'ny lalàna, fa izay amin'ny finoana an'i Kristy, dia ny fahamarinan'Andriamanitra amin'ny finoana." (Filipianina 3:9)

Ny mpanota efa maty noho ny fahadisoana sy ny fahotana dia efa novelomina indray tamin'ny finoana an'i Kristy. Hitany tamin'ny finoana fa i Jesôsy no Mpamonjy azy ary velona mandrakizay, afaka mamonjy «tokoa izay manatona an'Andriamanitra amin'ny alàlany.» Amin'ny sorom-panavotana nataony ho azy, no ahitan'ny mpino tsara izay sakany sy lavany ary hahavony sy halalin'ny famonjena, izay novidiny tamin'ny vidiny tsy manam-petra. Hitany toy ny amin'ny fitaratry ny voninahitr'Andriamanitra. Hitany ny akanjom-pahamarinan'i Kristy, koa dia feno fiderana sy fankasitrahana ny fanahiny. Hitany ny akanjom-pahamarinan'i Kristy, ilay notenomina tany amin'ny fanenoman'ny lanitra, miasa ho amin'ny fankatoavana ary nisaina ho azy izany amin'ny finoany ny

anarany.

Rehefa hitan'ny mpanota ny fahatsaran-toetra tsy manam-paharoa eo amin'i Jesôsy, dia tsy hanintona azy intsony ny fahotana, satria mijoro ho Lehibe amin'ny alinalina Izy, maha-te ho tia aoka izany. Tsapany avy tamin'ny fanandramany manokana ny herin'ny filazantsara, izay maneho fa ny halalin'ny fahendren'ny famoronana dia mitovy amin'ny hasarobidin'ny zava-kendreny (*Faith and Works*, pp. 106, 107)

"Koa raha mbola nitoloko sy nitalaho tamin'ny Andriamaniny ny vahoakany mba hahazo fahadiovam-po, dia izao no baiko nomena avy any ambony : "Indro,, efa nesoriko ny helokao, ary hampikianjoiko akanjo fihaingoana hianao." Ny akanjo fotsin'ny fahamarinan'i Kristy no omena ny zanak'ondrin'Andriamanitra, izay mitoetra mahatoky mandritra ny fitsapana sy ny fakam-panahy amin'izany fotoana izany. Ireo olona ao anatin'io "sisa" natao tsinontsinona io, no nampanaovina ny fitafiana be voninahitra izay tsy voan'ny loton'izao tontolo izao mandrakizay. Nosoratana ao amin'ny bokin'ny fiainan'ny Zanak'ondry, anilan'ny an'ireo nahatoky tamin'ny fotoana rehetra, ny anarany. Rehefa naharesy ny hafetsen'i Satana izy ireo, dia mitoetra tsy nohozongozonina na dia teo aza ny fieron'ilay dragona. Voaro amin'ilay mpaka fanahy izy ireo ankehitriny ary ho mandrakizay, fa efa nafindra tamin'ilay niandohan'ny ratsy ny fahotany" (Mpaminany sy Mpanjaka, p. 480, 481)

Tsy ampy ny finoana an-kapobeny. Tsy maintsy mitafy ny akanjom-pahamarinan'i Kristy isika, manao izany ampahibemaso, amin-kerim-po, amim-pahavitrihana, maneho an'i Kristy, tsy manantena na inona na inona avy amin'olona voafetra, fa mibanjina an'i Kristy mandrakariva ary finaritra ny amin'ny fahatanterahan'ny toetran'ny. Amin'izay ny tsirairay avy amintsika dia haneho ny toetran'i Jesôsy ary hampiharihary fa nahazo famelombelomana avy amin'ny fahamarinana isika, satria izany dia manamasina ny fanahy sy ny fisainana ho amin'ny fankatoavana an'i Kristy. (*Reflecting Christ*, p. 108)

Ny tena olo-marina, tia sy matahotra an'Andriamanitra, dia mitafy ny akanjom-pahamarinan'i Kristy na amin'ny soa na amin'ny ratsy. Ny fandavan-tena, ny fahafoizan-tena, ny fiantrana, ny fahatsaram-panahy, ny fitiavana, ny faharetana, ny faherezana ary ny fahatokiana kristianina no tokony ho voa hita isan'andro eo amin'izay mifandray marina amin'Andriamanitra. Mety tsy hiely maneran-tany ny asa ataony, kanefa isan'andro izy ireo dia miady amin'ny ratsy ary mahazo

fandresena miezinezina amin'ny fakam-panahy sy ny faharatsiana. (*God's Amazing Grace, p. 31*)

Ary Izy nitondra ny fahotantsika tamin' ny Tenany teo ambonin' ny hazo, mba ho faty ny amin' ny ota isika, fa ho velona ny amin' ny fahamarinana; ary «*ny dian-kapoka Taminy no nahasitranana anareo*» (2 Pet. 2:24).

Ny tsirairay dia hanana ny adiny manokana hoenti-mandresy ny fahotana ao am-pony. Indraindray dia asa maharary sy mahakivy izany, satria, rehefa mahita ny fahadisoana eo amin'ny toetrantsika isika, dia variana mibanjina azy ireny, raha tokony hibanjina an'i Jesôsy ny fijerintsika ary handray ny akanjom-pahamarinany isika. Izay rehetra miditra eo amin'ny vavahady perilan'ny tanànan'Andriamanitra dia hiditra toy ny mpandresy, ary ny fandresena lehibe dia izay azony avy tamin'ny ady tamin'ny tenany. (*God's Amazing Grace, p. 31*)

“**M**amelombelona ny fanahiko Izy; mitarika ahy amin' ny làlan' ny fahamarinana noho ny anarany Izy.” (Salamo 23:3)

NY MPISORONABE

ANDRO FAHADIMY – NY EFODA

“Endrey, tsara sady mahafinaritra raha ny mpirahalahy no miara-monina. Tahaka ny diloilo tsara amin’ny loha, izay mitsororoka amin’ny somotra, dia ny somotr’i Arona, izay mitsororoka amin’ny moron-tongotr’akanjony.”
(ISAIA 46:4)

SOSO-KEVITRA FANDRINDRANA NY FOTOAM-BAVAKA

Fiderana

- Tompo ô! Manomboka izao fotoana izao amin’ny fiderana Anao izahay, satria Andriamanitra Lehibe, mahari-po ary afaka mamonjy tokoa Ianao.
- Midera Anao izahay noho ny nitondranao anay tamin’ny fotoan-tsarotra rehetra.
- Misaotra Anao izahay satria afaka mitoetra ao amin’ny fiadanana sy ny fifalianao izahay.

Fiaiken-keloka sy fangatahana hery hoenti-mandresy ny fahotana

- Tompo ô! Asehoy anay ireo fahotana tokony hibebahanay ampahibemaso ary ireo izay tokony hibebahanay manokana. Mangataka hery avy Aminao izahay hoenti-mandresy ireny fahotana ireny.
- Mamelà anay tamin’ny fotoana rehetra niezahanay nitady fandresena tamin’ny herin’ny tenanay, ka tsy namelanay Anao hitondra anay.
- Misaotra Tompo ô satria mamela ny helokay Ianao, araka izay hita ao amin’ny 1 Jaona 1:9.

Vavaka fitalahoana sy fanelanelanana

- Tompo ô! Mangataka Aminao izahay mba hitarihanao anay fa malemy izahay.
- Enga anie ny Herinao ho tanteraka amin’ny fahalemenay. (1 Kôrintianina 12:9).
- Ray ô! Miangavy Anao izahay, aza avela halahelo ny fonay. (Jaona 14:1).
- Manampia anay hitoky amin’ny teny fikasana izay nomenao ao amin’ny

10

ANDRO
FIARAHA-MIVAVAKA
10–20 Janoary 2018

Isaia 41:10 - fa hampahery anay Ianao, sady hamonjy anay ary hitantana anay amin' ny tanana ankavanan' ny fahamarinanao.

- Miangavy Anao izahay, tariho ny tanora sy ireo ankohonana ao amin'ny fiangonanay manoloana ireo fihaikana amin'izao vanim-potoana ankehitriny izao.
- Asehoy anay ireo olona mijaly manodidina anay. Miangavy Anao izahay, aoka ianao no hivimbina azy ireny ao anatin'ny olona izay atrehiny.
- Tompo ô! Asehoy anay ny fomba hametrahanay manontolo ny fiainanay Aminao. Ampiraiso amin'ny Kristy izahay. Ampiraiso ny fiangonanao ho amin'ny fitoriana amin'ny feo mafy eto amin'izao tontolo izao.
- Tompo ô, efa nitahy ny fiangonanao Ianao tamin'ny nanomezanao azy saina hahatakatra ny fahamarinana ara-Baiboly. Ampio izahay hizara izany amim-panetren-tena sy amim-pifaliana amin'ny tontolo manodidina anay.
- Tompo ô! miangavy Anao izahay, mitahia ny ezaky ny tarika madinika sy ireo trano fiangonana manerana izao tontolo izao. Mangataka Aminao izahay hanandratra mambra mahatoky misimisy kokoa hatrany, hijoro ho vavolombelona ny amin'i Jesôsy sy ny toetra maha-te ho tia ananany amin'ireo mpiaray vodirindrina aminay.
- Tompo ô! Ampianaro anay ny fomba ahafahana mitory mazava tsara ny foto-pinoan'ny fiangonanay amin'ny fomba mazava tsara, omeo anay ny fahaiza-mamorona ary ny fahaizana mizara ny tena Fahamarinana ara-Baiboly. Enga anie ka ny Fitiavan'i Jesôsy no ho ivon'ny zavatra rehetra izay inoanay.
- Tompo ô! mivavaka ho an'ireo olona fito (na mihoatra) manokana, voarakitra amin'ny lisitra eto am-pelatananay izahay. Ampio izy ireny hahita izay filàny ary hanokana ny fon'izy ireo amin'ny Fanahy Masina.
- Mangataka ihany koa izahay ho an'ny filàn'ny tenanay manokana izay manatrika izao fotoana izao.

Fisaorana

- Andriamanitra ô! Misaotra Anao izahay satria *“izay miandry an'i Jehovah dia mandroso hery kosa; elatra no hiakarany tahaka ny voromahery; hihazakazaka izy, nefa tsy ho sasatra; handeha izy, nefa tsy ho reraka.”* (Isaia 40:31).

- Misaotra Tompo ô, satria “ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia an’ Andriamanitra, dia izay voantso araka ny fikasany rahateo.” (Rômanina 8:28).
- Misaotra Anao izahay satria mamaly ny vavakay araka ny sitraponao Ianao.

NY EFODA

“Na dia mandra-pahantitrareo aza, dia tsy miova Aho, ary mandra-pahafotsy volonareo, dia Izaho ihany no hisahirana mitondra anareo. Izaho no nanao, ka Izaho ihany no hitrotro, eny, izaho no hitondra sy hanafaka.” (ISAIA 46:4)

Tahaka ny nitondran’ny mpisoronabe ny efôda teo an-tsorony, no itondran’ ny Mpisoronabentsika ny enta-mavesatsika, manome hery antsika manoloana ny fitsapana nahazo antsika Izy, hahafahantsika mijoro ho vavolombelona ho azy na dia ao anatin’ny toe-javatra sarotra aza.

“**M**iantso antsika Ilay Mpamonjintsika hikambana Aminy, hampiray ny fahalementsika amin’ny heriny, ny tsy fahalalantsika amin’ny fahendreny, ny tsy fahamendrehantsika amin’ny fahamendrehany.” (Hery Mifanandrina, t. 649)

“**A**ry apetraho aminy ny fanahianareo rehetra; fa Izy no miahy anareo.” (1 Petera 5:7)

“**M**isy fanafody ho an’ireo izay manana fo kivy, dia ny finoana, ny fivavahana, ny asa. Ny finoana sy ny asa dia manome fahatokiana sy fahafaham-po mitombo isan’andro isan’andro. Moa alaim-panahy hanaiky hotarihin’ny fanahiana manjombona na ny fahakiviana va ianao? Eo amin’ny andro maizina indrindra izay iheverana fa toa manohitra anao izay zava-mitranga dia aza matahotra. Minoa an’Andriamanitra. Fantany izay ilainao. Mahery indrindra Izy. Ny fitiavany sy ny fangorahany tsy hita lany dia tsy mety ho tofoka na oviana na oviana. Aza matahotra fa sao dia tsy mahatanteraka ny feny fikasana nomeny Izy. Izy no fahamarinana mandrakizay. Tsy hanafôana na oviana na oviana ny fanekena nifanaovany tamin’ireo izay tia Azy Izy. Homeny ny mpanompony mahatoky izay ilainy. Hoy ny apôstôly Paoly hoe: “Ampy ho

anao ny fahasoavako fa ny heriko dia tanterahana amin'ny fahalemena (...) Koa dia finaritra Aho amin'ny fahalemena, amin'ny fampahoriana, amin'ny fahaterena, amin'ny fanenjehana, amin'ny fahantrana noho ny amin'i Kristy, fa ny fahalemeko no fahatanjahako.” (2 Kôrintianina 12:9,10). (Mpampinany sy Mpanjaka, t. 132)

Havaozina isan'andro ny herin'ireo izay tia sy manompo Azy. Ny fahatakarany dia hapetraka eo amin'ny asa fanompoana izay iantsorohan'izy ireo, mba tsy handiso fanantenana amin'ny fanatanterahana ny tanjon'Ilay naniraka azy. Tsy tokony hisy toerana ho an'ny fahakiviana eo amin'ny asa fanompoana an'Andriamanitra. Ny finoantsika dia tsy maintsy miaritra ny fanerena mihatra aminy. Andriamanitra dia afaka ary manome malalaka ny rehetra ny hery ilain'ny mpanompony. Hanome mihoatra noho izay antenain'ireo izay mametraka ny fitokiany Aminy Izy. Hanome azy ireo ny fahendrena araka ny filàny avy Izy. (*Testimonies for the Church, vol. 8, pp.10, 11*)

Tsy ho vitantsika amin'ny herin'ny tenantsika velively ny hampihatra ny fivavahan'i Kristy, satria ny fonsika dia mpamitaka mihoatra noho ny zavatra rehetra. Fa i Jesôsy Kristy, Ilay Mpitsabo ny fanahy, Ilay afaka mamaky ny fon'ny olona, dia mampiseho antsika ny fomba atao hanadiovana antsika amin'ny fahotana. «Ampy ho anao ny fahasoavako,» hoy izy amin'ireo izay nitomany noho ny tsy fahombiazany. «*Mankanesa aty amiko, hianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana.*» Ny enta-mavesatra tsirairay dia raisin'Ilay manolotra ny tanany mba hanarahantsika Azy, mialoha ny hametrahany izany eo an-tsony. Ho an'ireo izay miady mafy, alaim-panahy, dia izao no lazain'i Kristy: “afaka mampahery anao Aho amin'ny andraikitra rehetra iantsorohanao amin'ny fiainana kristianina. Mijery an' i Jesôsy, Tompon'ny finoantsika sy Mpanefa azy. Handray fahazavan'ny tavany isika, haneho ny endriny ary ho lehilahy sy vehivavy hahatratra ny ohatry ny halehiben'ny fahafenoan'i Kristy. Ny fivavahantsika dia hanintona, satria hanana ny hanitry ny fahamarinan'i Kristy izany. (*Review and Herald, May 4, 1897, par. 11*)

Zava-dehibe ny fanaovana izay marina sy mahitsy eo imason'Andriamanitra, ny mampifanaraka ny fanahy amin'ny Mpahary azy. Ao anivon'ny fielezan'ny ohatry ny ratsy, izay hisarika ny fanahy hiala amin'ny adidiny noho ny famitahana izay ataony, dia haniraka ny anjely hamonjy antsika ny lanitra. Saingy raha manaiky ny fakampanahy isika, dia tsy afaka ny handray fanampiana avy amin'Andriamanitra.

10

ANDRO
FIARAHA-MIVAVAKA
10–20 Janoary 2018

Ireo telolahy dia afaka niaritra ny lafaoro mirehitra, satria niara-nandeha tamin'izy ireo teny afovoan'ny afo i Jesôsy. Raha nandeha tamin'ny herin'ny tenany tao anaty afo izy ireo, dia ho levona. Ho toy izany koa ny amintsika. Raha tsy manatona amin-kasahiana ny fakam-panahy isika dia hanampy antsika Andriamanitra rehefa tonga ny fakam-panahy. (*Signs of the Times, Sept. 2, 1897, par. 11*)

Hanandratra olon-kendry ny Tompo, hametraka ny Fanahiny eo aminy ary hanomana azy ireo ho amin'ny asa izay tsy maintsy hotanterahina. Izy tenany, Ilay Andriamanitry ny fahamarinana, no hanome azy ny fahaiza-manao amin'ny fitoriana ny vaovao mahafaly, ary izy ho vavolombelony eo amin'ny fiainany. Hijoro ho vavolombelona ho an'Andriamanitra izy ireo. Tsy hisehoseho tampoka avy amin'ny herin'ny tenany izy. Ny Fanahy Masin'Andriamanitra no hanosika azy hanolo-tena hiaro ny fahamarinana. Hanohana azy Andriamanitra. Fantany izay ilainy, ary isan-taona dia hanomana drafitr'asa ho azy Izy. Tsy hamela ny olona hizotra araka ny safidim-pony Izy. Raha mbola olombelona ny olombelona dia hiasa amin'ny alalan'izy ireo Andriamanitra. (*Review and Herald, May 25, 1897, par. 11*)

NY MPISORONABE

ANDRO FAHENINA— NY FEHIKIBO

“Fa manamasina an’i Kristy ho Tompo ao am-ponareo (Isa. 8:12,13); ary aoka ho vonona mandrakariva hianareo hamaly izay manontany anareo ny amin’ny anton’ny fanantenana ao anatinareo, nefa amin’ny fahalem-panahy sy ny fanajana.” (1PETERA 3:15)

SOSO-KEVITRA FANDRINDRANA NY FOTOAM-BAVAKA

Fiderana

- Tompo ô! manomboka izao fotoana izao amin’ny fiderana Anao izahay, satria Andriamanitra Mpiahy sy Mpiaro Ianao.
- Misaotra Anao ny amin’ny tombontsoa lehibe nomenao mbola ahafahana mijoro ho vavolombelona.
- Misaotra Anao satria rehefa miantso anay hanompo Anao Ianao dia omenao anay koa ny hery sy ny fahaiza-manao amin’ny fanatanterahana izany.

Fibebahana sy fangatahana hery hoenti-mandresy ny fahotana

- Ray ô! miangavy Anao izahay, aseho anay ireo fahotana tokony hibebahanay manokana. Mangataka ny herinao izahay hoentiny mandresy ireny fahotana ireny.
- Mamelà anay tamin’ny fotoana rehetra izay tsy netezanay hanompo Anao.
- Mamelà anay tamin’ny fotoana rehetra izay nandavanay ny mijoro ho vavolombelona.

Fangatahana sy fanelanelanana

- Tompo ô, omeo anay ny fo vonona ny hanompo Anao
- Mampianàra anay mba “hahatonga ny fahazavanao hazava eo imason’ny olona, mba hahitan’izy ireo ny asa soa ataonao ka hankalazany ny Rainay Izay any an-danitra.” (Matio 5:16).
- Manampia anay hahita ireo tombontsoa omenao anay mba hanompoanay Anao.
- Omeo anay izay teny tokony holazainay mba hahazoanay mijoro ho

10

ANDRO
FIARAHA-MIVAVAKA
10–20 Janoary 2018

vavolombelona ho Anao rehefa misy ny tombontsoa ahafahanay manao izany. (Matio 6:24).

- Aoka ny ankohonanay haneho ny fitiavanao ao an-tokantranonay sy eo anivon'ny fiaraha-monina misy anay. Mangataka Aminao izahay mba hitondra filaminana ho an'ny tokantrano maro, hanasitrana ireo fifandraisana tapaka, hiaro ny marefo amin'ny fanararaotana, ary haneho ny herinao manamasina amin'ireo izay ao anatin'ny toe-javatra sarotra toa tsy misy fanantenana.
- Tompo ô! Mangataka Aminao izahay ho an'ireo mpamaky lay an'arivon'ny Misiona Advantista, izay manangana fiangonana eo an'ivon'ireo vahoaka mbola tsy nandray ny hafatry ny Filazantsara. Tsy vitsy amin'izy ireny no miasa irery na mandalo zava-tsarotra. Koa mangataka Aminao izahay mba hiarovanao sy hanomezanao fahendrena sy fahombiazana ho azy ireo.
- Tahio ny ezaka ataon'ireo Advantista maty hanina mpikirakira ny tambazotran'ny fifandraisana. Omeo azy ireo ny fahendrena avy any ambony mba hahazoan'izy ireo manao ho mpianatra ireo olona nahita fianarana sy ireo olona tsongoin'olom-bolo any amin'ireo tanàn-dehibe manerana izao tontolo izao.
- Mangataka izahay ny hiarovanao ireo mambran'ny Fiangonana izay miatrika fanenjehana na fandrahonana isan'andro noho ny finoana arapivavahana izay arahiny. Mangataka fahendrena sy risi-po ho azy ireo izahay.
- Tompo ô! Mivavaka ho an'ireo olona fito (na mihoatra), voasoratra ao amin'ireo lisitra eo am-pelatananay izahay. Ampio izy ireny hanokatra ny fiainany ho an'ny Fanahy Masinao ary ho tonga vavolombelonao.
- Mivavaka ihany koa izahay ho an'ny filàny manokana, ho anay izay manatrika izao fotoana izao.

Fisaorana

- Misaotra Tompo ô noho ny namolavolanao ny toetranay tamin'ny alalan'ny asa fanomponay Anao.
- Misaotra Anao izahay noho ny fifaliana izay tsapanay avy amin'ny fijoroana ho vavolombelona ho Anao.
- Misaotra Anao izahay satria efa nomenao ho ohatra ho anay i Kristy ny amin'ny fomba entina manompo.

NY FEHIKIBO

"Fa manamasina an i' Kristy ho Tompo ao am-ponareo (Isa. 8.12, 13); ary aoka ho vonona mandrakariva hianareo hamaly izay manontany anareo ny amin' ny anton' ny fanantenana ao anatinareo, nefa amin' ny fahalemem-panahy sy ny fanajana." (1PETERA 3:15)

Rehefa mifamatotra eo amin'ny valahan'ny mpisoronabe ny fehikibo dia midika izany fa efa mihaingo amin'ny fitafiany izy ary vonona ho amin'ny asa fanompoana. Torak'izany koa ny tsy maintsy haha-vonona antsika hanompo sy hijoro ho vavolombelona.

Ny vahoakan'Andriamanitra dia tokony ho vahoaka miavaka, amin'ny maha-vahoaka manompo Azy amin'ny fahafenoana tsy mandray ny voninahitra ho an'ny tenany, ary mahatsiaro fa tamin'ny fanekena miezinezina lehibe no nanekenany hanompo ny Tompo, ary ny Tompo irery." (*Christian Service*, p. 236)

Inona no atao hoe manompo an'i Jehôvah ? – Mitovy toetra Aminy, manahaka Azy. Ny manompo an'Andriamanitra dia mankatò Azy, mitandrina ny didiny, miaiky heloka ampahibemaso, fa tsy mialokaloka eo ambanin'ny fanevan'ny fihemorana lehibe, fa eo ambanin'ny faneva mihosin-dràn' ny Andriana Imanoela. Ireo izay manompo an'Andriamanitra dia manao izay azony atao rehetra amin'ny fanarahana ny sitrapony. Izany no anehoan'izy ireo ny tafika misy azy. (*Signs of the Times*, Feb. 1, 1899, par. 3)

Na manao ahoana na manao ahoana ny asa izay ataontsika, dia mampianatra antsika ny tenin'Andriamanitra mba "tsy halaina fa hafana fo amin'ny fanompoana ny Tompo." "Izay rehetra azon'ny tãnanao atao dia ataovy amin'ny herinao", "satria fantatrareo, fa ny Tompo no handraisanareo ny lova ho valiny; fa manompo an'i Kristy hianareo." (Rômanina 12:11; Mpitoriteny 9:10; Kôlôsianina 3:24.) (*Henoinareo ny Fanoharana*, t. 301)

Aoka ho vonona mandrakariva hizara amin'ny hafa ny hazavana izay azonao. Aza misalasala maneho ny foto-kevitrao mahakasika ny asa, ny faniratsirana. Arangarangao ny lokonao satria natao ho

10

ANDRO
FIARAHA-MIVAVAKA
10-20 Janoary 2018

fizahan'izao tontolo izao ianao, na anjely, na olona. Aoka tsy hohadinoina ny andraikitrao. Tsy mahay manompo an'Andriamanitra sy Bala ianao. Maniry ny hahita ny zananilahy sy ny zananivavy hijoro amin-kahasahiana Andriamanitra, mba hahafantaran'izao tontolo izao ny toerana tokony hahitana azy ireo amin'ny fotoan-tsarotra. (*Signs of the Times*, Aug. 1, 1900, par. 4)

Ny Tompo dia maniry anao ho mpamonjy fanahy. Na izany aza anefa, tsy afaka ny hanery ny hafa hanaraka ny foto-pinoanao ianao, fa tsy maintsy vonona kosa hamaly azy ireo ny amin'ny fanantenana ao anatinao, amin'ny fahalemem-panahy sy ny fahatahorana. (1 Petera 3:15). Nahoana no tokony hatahotra? - Aza matahotra fa ny teninao dia tokony ho teny tsootra, tsy lava, nefa mahafaoka izay tokony hambaranao, fandrao hisy teny tsy voafaritra, fandrao ny fitenenana tsy hanahaka ny fomban'i Kristy. Aoka hifamatotra tanteraka amin'i Kristy ary aoka ny fahamarinana haseho tahaka ny ao Aminy. (*Manual for Canvassers*, p. 34)

“**A**oka hazava eo imason' ny olona toy izany koa ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hankalazany ny Rainareo Izay any an-danitra.” (Matio 5:16)

Irin'Andriamanitra ny hahatonga ny mpino tsirairay ho tonga mpahazo fanahy, dia homba sy hitahy ireo izay mikatsaka fahendrena sy fitarihana avy Aminy Izy Rehefa mandeha amim-pitandremana, am-pahendrena, ary mitoetra marina ao amin'ny Tompo Andriamanitr'i Isiraely izy ireo, dia haseho eo amin'ny fomba fiainany ny fahadiovana sy ny fahatsoran'i Kristy; hijoro ho vavolombelon'ny toe-panahy marina araka an'Andriamanitra izy. Amin'ny zavatra rehetra lazainy sy ataony, dia hanome voninahitra ny anaran'Ilay tompoiny izy ireo.

Ny mpino izay manana ny toe-tsaina misiõnera marina dia epistily velona, fantatra ary fizahan'ny olon- drehetra. Ny fahamarinana dia mivoaka amin'ny fahafenoany eo amin'ny molony, fa tsy misy teny diso. Ny fitiavam-bavaka sy ny zotom-po ary fahaiza-mandanjalanja dia hitombo miaraka amin'ny fotoana. Ho hitan'ny tontolo jentilisa fa manana firaisana velona amin'Andriamanitra tokoa izy, ka mianatra Aminy izy ireo. Ny teny mivoaka ny molotr'izay miova fo dia misy hery manohina ny fo mangatsiaky ny tsy mpino, satria na ireo izay tsy mahalala an'Andriamanitra aza dia afaka manavaka ny olombelona sy ny fanahy.

Ranadahy sy rahavavy malala, moa tsapanao ao am-ponao sy eo amin'ny toetranao ary ny fiainanao va ny hery manamasin'ny fahamarinana masina? Moa va azonao antoka fa Andriamanitra, noho ny Zanaka malalany, dia namela ny fahotanao? Moa va ianao efa manao izay azonao atao rehetra mba hahafahanao miaina madio, tsy manao izay ratsy eo imason'Andriamanitra sy ny olombelona? Efa mba nitalaho tamin'Andriamanitra ve ianao ho an'ireo namanao sy ireo mpiray vodirindrina aminao? Raha vita fihavanana tamin'Andriamanitra ianao ary nametraka ny momba anao rehetra eto amin'ny alitara masina, dia ho azonao atao ny miasa malalaka ho amin'ny asa famonjena fanahy. (*Manuscript Releases*, vol. 8, pp. 212, 213)

Aoka ny fitenintsika ho feno fahalemem-panahy rehefa mikatsaka ny hahazo fanahy isika. Andriamanitra dia fahendrena ho an'izay mitady fahendrena avy amin'ny loharano masina. Tsy maintsy mikatsaka ny tombontsoa araka izay fahafahantsika isika. Tsy maintsy miambina amin'ny alalan'ny vavaka ary vonona ny hamaly ireo rehetra izay manontany ny amin'ny anton'ny fanantenana izay ao anatintsika. Fandrao, tsy manaitra araka ny tokony ho izy ny fanahy izay nahafatesan'i Kristy isika, ka noho izany dia tokony hiazona ny fontsika hanandratra an'Andriamanitra mandrakariva isika, mba hahafahantsika miteny amin'ny fotoana mampety izany. Ny Fanahy Masina dia hampihatra ny fahamarinana izay nambara tamim-pitiavana. Ny fahamarinana dia hanana hery hamelombelona ny fanahy rehefa miteny araka ny fitarihan'ny fahasovan'i Kristy. (*The Publishing Ministry*, p. 307)

NY MPISORONABE

ANDRO FAHAFITO — NY FIAROVAN-TRATRA

“Ary mananatra anareo aho, ry rahalahy, amin’ ny anaran’ i Jesosy Kristy Tompontosika, mba hiray teny hianareo rehetra, ka tsy hisy fisarahana eo aminareo, fa mba ho tafakambana tsara hianareo hiray saina sy hevitra.”
(1 KORINTIANINA 1:10)

SOSO-KEVITRA FANDRINDRANA NY FOTOAM-BAVAKA

Fiderana

- Tompo ô! Midera Anao Izahay, satria Andriamanitra Fitiavana, Andriamanitry ny fiadanana, ary Andriamanitry ny firaisan-tsaina Ianao.
- Midera Anao izahay noho ny ohatry ny firaisam-po sy ny firaisan-tsaina izay nisy teo anivon’ireo mpianatra taorian’ny Pentekôsta.
- Misaotra Anao satria afaka mitondra fampiraisana eo anivon’ny Fiangonana sy ny ankohonana Ianao.

Fiaiken-keloka sy Fangatahana Hery hoenti-mandresy ny fahotana

- Ray ô! Miangavy Anao izahay, aseho any ireo fahotana tokony hibebaranay ampahibemaso, sy ireo izay tokony hibebaranay manokana. Mangataka ny Hery avy Aminao izahay hoentiny mandresy ireny fahotana ireny.
- Miangavy Anao izahay, mamela ny helokay tamin’ny fotoana rehetra nampielezanay ny fisaratsarahana tamin’ny alalan’ny teny sy ny asa, teo anivon’ny vatan’i Kristy.
- Misaotra Anao satria mamela heloka Ianao, araka izay hita ao amin’ny 1 Jaona 1:9

Vavaka Fitalahoana sy Fanelanelanana

- Tompo ô! Mitariha ny vahoakanao *“ho amin’ ny firaisan’ ny finoana sy ny fahalalana tsara ny Zanak’ Andriamanitra, ka ho lehilahy lehibe, mahatratra ny ohatry ny halehiben’ ny fahafenoan’ i Kristy.”* (Efesianina 4:13).
- Manampia anay tsy hanao na inona na inona *“amin’ ny fifampindanianana, na mandrani-tena foana fa amin’ ny fanetren-tena dia aoka samy hanao ny namany ho mihoatra noho ny tenany.”* (Filipianina 2:3).

10

ANDRO
FIARAHA-MIVAVAKA
10–20 Janoary 2018

- Tompo ô, miangavy Anao izahay, omeo anay ny fo feno fahalempanahy sy fitiavana ho an'ireo olona manana olana amin'ny firaisa-monina sy fiaraha-miasa.
- Tompo ô, aseho amin'ny tsirairay aminay, raha toa ka vato misakana ny firaisan-kina ao amin'ny fiangonanay na ny fifandraisana ao anatin'ny ankehonananay izahay. Miangavy Anao izahay, torotoroy ny fonay ary aoka Ianao hitondra firaisan-tsaina araka ny drafitrao.
- Mivavaka ho an'ny firaisam-po sy ny firaisan-tsaina eo anivon'ireo mpitondra ny fiangonanay sy ny fiangonana maneran-tany izahay.
- Enga anie ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito maneran-tany mba samy hahatakatra avokoa ny vinan'ny Mambra Rehetra Mandray Anjara. Ampio ny tsirairay avy aminay haneho faherezana amin'ny fijoroana ho vavolombelona ataon'ny tena manokana, amin'ny asa fanatrarana ny any ivelany izay ataon'ny tarika madinika, na amin'ny asa fitoriana atao eny anivon'ny vahoaka.
- Miangavy Anao izahay, iraho ny Fanahy Masinao hanomana ny fon'ireo mpihaino sy mpanaraka ny Radio Advantista Maneran-tany, indrindra ireo izay monina eny amin'ny faritry ny tanàn-dehibe maneran-tany. Ampio ny Fiangonana hijoro ho mahatoky amin'ny fanarahana sy fampianarana ireo izay mitady Anao.
- Tahio ny fiaraha-miasan'ireo fikambanana sy sampana maro samy hafa amin'ny fanatanterahana ity asa fitoriana mankadiry ity. Tahio ireo mpanomponao mba hiara-miasa amim-pitiavana - ho an'ny tsirairay avy ary ho Anao.
- Tompo ô! Miangavy Anao izahay, aseho anay ny fomba ahafahana manaparitaka misimisy kokoa ny asa soratra mirakitra ny Fahamarinana (sora-pirinty sy elektrônika) eny anivon'ny fiaraha-monina misy anay. Enga anie ka hihamaro ireo asasoratra momba ny Filazantsara, ny mpianatra mpilatsaka an-tsitrabo, ny mpanoratra, ireo manam-pahaizana manokana momba ny asa fanaovan-gazety, ary ireo mpanohana ara-bola mba hahafahana mampiely ny Tenin'ny Fanantenana sy Fiainana.
- Tompo ô! Mivavaka ho an'ireo olona fito (na mihoatra) ao amin'ny lisitra manokana eto am-pelatananay izahay. Enga anie ny Fanahy Masinao hiara-miasa amin'izy ireny eo amin'ny fiainany.
- Mivavaka ihany koa ho an'ny filàna manokan'ireo izay manatrika izao fotoana izao izahay.

Fisaorana

- Misotra Anao izahay Tompo ô, noho ny amin'ny Jesôsy izay mivavaka ho an'ny firaisanay, araka ny voalaza ao amin'ny Jaona 17.

- Misaotra Anao satria ny firaisana eo anivon'ny Fiangonana dia manampy izao tontolo izao hino fa i Jesôsy no Zanak'Andriamanitra (Jaona 17:21).

NY FIAROVAN-TRATRA

"Ary mananatra anareo aho, ry rahalahy, amin'ny anaran' i Jesosy Kristy Tompontsika, mba hiray teny hianareo rehetra, ka tsy hisy fisarahana eo aminareo, fa mba ho tafakambana tsara hianareo hiray saina sy hevitra." (1 KORINTIANINA 1:10)

Ny vato 12 izay maneho ireo foko 12 teo amin'ny firenen'i Isiraely dia voatahiry eo amin'ny fiarovan-tratra mifanandrify amin'ny fon'ny Mpisoronabe. Avy amin'io no ahafantarantsika ny maha-zava-dehibe ny fiaraha-miasantsika, ny firaisana ao amin'ny fitiavan'i Kristy, ary ny fanehoana izany fitiavana izany amin'ireo olona ao anatin'ny ivelan'ny fiangonana.

Ny tsiambaratelon'ny fahombiazantsika amin'ny fanatanterahana ny asan'Andriamanitra dia ho hita ao amin'ny fiaraha-miasa mirindra amin'ny vahoaka. Izany dia mitaky fifantohana feno. Ny mambra tsirairay ao amin'ny vatan'i Kristy dia tsy maintsy miasa ho an'Andriamanitra, araka ny fahafahana nomena azy. Tsy maintsy mifanohana isika, manohitra ny faneriterena sy fahasarotana – soroka miara-milanja ary tongotra miara-mamindra.

Raha ny kristianina no miara-mientana, miara-mandroso, eo ambanin'ny fitarihan'ny Hery iray, ho fanatanterahana tanjona iray dia ho azony atao ny hanozongozona izao tontolo izao. (*Christian Service*, p. 75)

Tsy misy asa ambony noho ny asan'ny mpampiel'ny boky, satria izany dia mitaky ny fanatanterahana adidy ara-môraly avo lenta tokoa. Ireo izay mandray anjara amin'io asa io dia mila ny fitarihan'ny Fanahin'Andriamanitra. Tsy tokony hisy toerana ho an'ny fanandratan-tena. Inona tamin'izay ananantsika no tsy noraisintsika tamin'i Kristy? Tokony ho tia ny rahalahintsika isika, maneho ny fitiavantsika amin'ny alalan'ny fifanomezan-tanana. Tsy maintsy manana fangorahana sy mahalala fomba isika; tsy maintsy miara-mientana, toy ny misintona mahazaka iray. Ireo izay miaina ny fiainam-bavak'i Kristy ihany, ary mampihatra izany eo amin'ny fiainany andavanandro no hahajoro manoloana ny fitsapana izay mampy izao

10

ANDRO
FIARAHA-MIVAVAKA
10-20 Janoary 2018

tontolo izao. Ireo izay manandratra ny tenany dia mitoetra eo amin'ny herin'i Satana, miomana handray fahadisoam-panantenana. Ny tenin'ny Tompo ho an'ny vahoakany dia manandratra fitsipi-piainana ambony dia ambony. Hiaramiasa amintsika Izy, raha mankatò ny feony isika, ary ho fahombiazana ny ezaka rehetra ataontsika. Tsy maintsy handray fitahiana avy amin'ny asantsika isika, ary hanangona harena eo anilan'ny seza fiandrianan'Andriamanitra. (*The Colporteur Evangelist*, p. 25)

"Dia tanteraho ny fifaliako, mba hiraisanareo saina, miray fitiavana, miray fo, miray hevitra, tsy manao na inona na inona amin'ny fifampikianana, na mandrani-tena foana, fa amin'ny fanetren-tena dia aoka samy hanao ny namany ho mihoatra noho ny tenany." (Filipianina 2:2, 3)

Be loatra ny fisaratsarahan-tsaina eo anivon'ireo mpitondra hafatra. Tsy maintsy esorina izany, ary tokony hisy ny fampiraisana ny mpanompon'Andriamanitra. Be loatra ny toe-tsaina manao hoe: "Moa mpitandrina ny rahalahiko va aho?" "Hoy ny navalin'ilay anjely, «Eny, mpitandrina ny rahalahinao ianao. Tokony hikarakara azy ianao, hikatsaka izay mahaso azy, haneho fitiavana sy toetra maha-te ho tia aminy. Miaramientana! Miara-mientana!» Noforonin'Andriamanitra mba hanana fo tsotra, mahatoky, tsy mihatsarivelatsihy, feno fahalemem-panahy, sy fanetren-tena ny olombelona. Izany no fitsipiky ny lanitra; izany no Didin'Andriamanitra. (*Gospel Workers* [1892], p. 259)

Be loatra ny fangatsiahana sy ny tsy firaihana - be loatra ny toe-tsaina «tsy miraharaha» - izay eo amin'ireo milaza ho mpanaraka an'i Kristy. Tokony ho samy hihevitra ny hafa ny rehetra, ary ho saropiaro ny amin'ny tombontsoan'ny tsirairay. «Aoka hifankatia». Ankoatra izany dia tokony hanangana manda mafy orina hanoherana ireo fitaovana ampiasain'i Satana. Eo anivon'ny fanoherana sy ny fanenjehana dia tsy tokony hikambana amin'ny mpikomy isika, tsy hiray amin'ireo mpanara-dia ilay mpikomy lehibe, izay tsy mikatsaka afa-tsy ny hiampanga ireo rahalahy, hanala baraka ary handoto azy ireny.

Tsy maintsy handalo fitsapana ny vahoaka sisa amin'ity taona ity, hamotika ny fototry ny fangidiana rehetra, handevina azy ireny miaraka amin'ny taona lasa. Atombohy amin'ny fomba fijery malefaka kokoa, fitiavana lalindalina kokoa ho an'ny mambra sy ny ankohonan'ny Tompo isanisany avy ny taona vaovao. Miara-mientana!

10

ANDRO
FIARAHA-MIVAVAKA
10–20 Janoary 2018

«Miray, miara-mijoro; ho lavo ny mandan’ny fisaratsarahana.» «Miakara ambony, ambonimbony kokoa, mihoatra noho izay efa nisy anao hatrizay.» (*Our High Calling*, p. 370)

Raha voataonan’i Satana ho amin’ny fifampitsikerana ireo izay milaza fa vahoakan’Andriamanitra, dia hiparitaka toy ny fielin’ny masirasira izany. Aza omena toerana mihitsy ny toe-tsaina mpitsikera, fa izany no siansan’i Satana. Ny fanekena izany dia mahatonga ny fitsiriritana, ny fialonana ary ny ratsy hihanaka amin’ny rehetra.

Miarra-mientana! Izany no baiko henoko avy tamin’Ilay Kapitenin’ny Famonjena antsika. Na aiza na iza misy firaisana dia misy hery. Izay rehetra misafidy ny hiaraka amin’ny Tompo dia tsy maintsy miara-mientana. Ilaina ny firaisana sy ny fitiavana madio eo anivon’ny mpino ao amin’ny fahamarinana. Ary na inona na inona mitarika ho amin’ny fisarahana dia avy amin’ny devoly. Noforonin’Andriamanitra ho iray ao Aminy, toy ny sampana iray amin’ny voaloboka ny vahoakany. Amin’izay dia ho iray ihany izy rehetra. (*Selected Messages*, book 3, pp. 351, 352)

Tsy maintsy manao ny ezaka isika hamaliana ny vavaka izay nataon’i Kristy manao hoe: “*Mba ho iray ihany izy rehetra, tahaka Anao Ray ato amiko, ary Izaho koa ao aminao.*” Firaisaina manao ahoana loatra re izany!. Ary hoy Izy: “*Izany no hahafantaran’ny olona rehetra fa mpianatro hianareo, raha mifankatia.*” (*Testimonies for the Church*, vol. 5, pp. 488, 489)

NY MPISORONABE

ANDRO FAHAVALO — ORIMA SY TOMIMA

“Koa tandremo tsara izay fandehanareo, mba tsy hitondranareo tena tahaka ny adala, fa tahaka ny hendry, ka hararaoty ny andro azo anaovan-tsoa, fa ratsy izao fiainana izao. Ary noho izany dia aza manao adaladala, fa aoka ho fantatrareo izay sitrapon’ny Tompo.” (EFESIANINA 5:15-17)

SOSO-KEVITRA FANDRINDRANA NY FOTOAM-BAVAKA

Fiderana

- Tompo ô! Midera Anao izahay satria Ianao no Mpitarika anay sy Sakaizanay.
- Misaotra Anao izahay satria nahariharin’ny Baiboly taminay ny sitraponao.
- Midera Anao izahay noho ny nanirahanao an’i Jesôsy, haneho ny sitrapon’Andriamanitra aminay.

Fiaiken-keloka sy Fangatahana Hery hoenti-mandresy ny fahotana

- Tompo ô! Miangavy Anao izahay, aseho anay ireo fahotana tokony hibebahanay manokana. Mangataka Hery avy Aminao izahay hoentiny mandresy ireny fahotana ireny.
- Mamelà anay tamin’ny fotoana rehetra izay tsy nanekenay hanaraka ny sitraponao araka izay voarakitra ao amin’ny Teninao.
- Misaotra Anao satria mamela anay Ianao, araka izay voasoratra ao amin’ny 1 Jaona 1:9.

Fangatahana sy vavaka fanelanelanana

- Tompo ô! manampia anay hahatsiaro ireo planinao, izay “ hevitra hahatonga fiadanana fa tsy loza”, mba hanome anay fanantenana ny amin’ny farany. (Jeremia 29:11).
- Mangataka Aminao izahay, ny hanomezanao anay fo tia manao ny sitraponao fa tsy ny anay.
- Enga anie ny tsirairay avy aminay hanaraka ny ohatr’i Jesôsy, izay tonga tsy hanao ny sitrapony fa ny hanao ny sitrapon’ny Rainy. (Jaona 6:38).
- Tompo ô! Omeo fahendrena izahay rehefa mikatsaka ny sitraponao amin’ny toe-javatra manokana. Enga anie izahay hitady mandrakariva Anao ary hankatò ny Teninao.

10

ANDRO
FIARAHA-MIVAVAKA
10–20 Janoary 2018

- Mivavaka izahay ho an'ny tanoranao mba hahafahan'izy ireny mahatakatra ny sitraponao manoloana ny fisafidianana izay ho namana hiara-dalana eo amin'ny fiainana.
- Tompo ô! Mitariha anay ary aseho amin'ireo izay voafidy ho mpitarika ny fiangonana ny sitraponao.
- Mangataka Aminao izahay, enga anie ka hiroborobo ny fampielezana ny tari-dalana fianarana Baiboly, ireo trakta ary ireo boky toy ny: Tena Fahasambarana. Enga anie ireny fitaovana ireny hamboly ny voan'ny fahamarinana ao ampon'ny vahoaka ary tariho izy ireo hianatra ny Tenin'Andriamanitra.
- Enga anie ireo mambran'ny fiangonanay, ireo Pasitora, ary ireo mpitarika manerana izao tontolo izao hivelona amin'ny Tenin'Andriamanitra isan'andro. Manampia ihany koa anay hikatsaka Anao isan'andro amin'ny vavaka manokana. Ampahatsiaivo anay fa tsy mahavita na inona na inona izahay raha misaraka Aminao.
- Tompo ô! Ampio izahay ho vonona hanaraka Anao amin'ny tsipiriany madinika indrindra amin'ny fiainanay. Amin'ny dingana manaraka tokony hataonay hirosoana amin'ny fankatoavana, dia miangavy anao izahay, aseho anay izany.
- Miangavy Anao izahay, aoka hovelominao indray ny fanatrehana ny Sekoly Sabata manerana izao tontolo izao. Tariho ny mambra sy ny vahiny hanao ny fanandraman'ny tena firahalahiana marina, ny iraka, ny fianarana Baiboly ary ny asa fitoriana eo an-toerana.
- Tompo ô! mivavaka ihany koa izahay ho an'ireo olona fito (na mihoatra) ato amin'ny lisitra eto am-pelatananay. Ny Fanahy Masinao anie haneho ny sitraponao amin'izy ireny.
- Mivavaka ihany koa izahay ho an'ny filànay manokana izay manatrika izao fotoana izao.

Fisaorana

- Tompo ô! Misaotra satria vonona ny haneho ny sitraponao aminay Ianao.
- Misaotra satria rehefa matoky Anao amin'ny fonay rehetra izahay, fa tsy amin'ny fahalalanay manokana, ary manaiky Anao amin'ny lalanay rehetra, dia hitarika ny dianay Ianao. (Ohabolana 3:5,6).
- Misaotra Jesôsy ô, satria ianao no lalana sy fahamarinana ary fiainana. (Jaona 14:6).

ORIMA SY TOMIMA

"Koa tandremo tsara izay fandehanareo, mba tsy hitondranareo tena tahaka ny adala, fa tahaka ny hendry, ka hararaoty ny andro azo anaovan-tsoa, fa ratsy izao fiainana izao. Ary noho izany dia aza manao adaladala, fa aoka ho fantatrareo izay sitrapon'ny Tompo." (Efesianina 5:15-17)

Ny Orima sy Tomima dia napetraka teo an-tsoroky ny mpisoronabe ary naneho ny sitrapon'Andriamanitra tamin'ny vahoakany. Zava-dehibe ho antsika ny mahatakatra ny asan'i Kristy ho antsika, sy ny sitrapony ho an'ny fiainantsika amin'izao fotoana izao.

"Samy manana fanahy hovonjena na avela ho very ny tsirairay. Samy manan-draharaha hodinihina eo anatrehan'ny fitsaran'Andriamanitra ny tsirairay. Samy tsy maintsy hifanatri-tava amin'Ilay Mpitsara Lehibe ny tsirairay. Noho izany, dia zava-dehibe manao ahoana loatra ny handinihan'ny tsirairay ireo toe-javatra manetriketrika ireo rehefa hipetraka ny Mpitsara ka hosokafana ny boky, ary tsy maintsy hitsangana ho amin'ny anjarany avy ny tsirairay, miaraka amin'i Daniela amin'ny andro farany." (Hery Mifanandrina, t. 504)

Na kely na lehibe ny andraikitra sahanina amin'ny fiainana dia izao mandrakariva no fanontaniana voalohany tokony hipetraka : «Inona no sitrapon'Andriamanitra?» «Tsara lavitra noho ny sorona ny fankatoavana, toraka izany koa ny fihainoana noho ny tavin'ny ondrilahy.» Niantso ireo zanany i Kristy mba hialan'izy ireo amin'ny fitiavan-tena, ny fitsiriritana ary ny fahalotoana rehetra. «*Mankanesa aty Amiko,*» hoy Izy, «*fa Izaho hanome anareo fitsaharana.*» Mianara Amiko. Ampiraiso amin'ny sitrapoko ny sitraponareo, ary ny lalanareo amin'ny lalako. Ampiraiso amin'ny fiainako ny fiainanareo. Dia hahazo harena izay haharitra mandrakizay ianareo. (*Signs of the Times*, Feb. 19, 1902, par. 13)

Inona no sitrapon'Andriamanitra? Inona no tokony hataoko mba hanomezako voninahitra an'Andriamanitra? Nanolo-tena hanompo ny Mpamonjy Iaho amin'ny fitiavana tsy mizarazara. Noheveriko ho toy ny "fakofako ny zava-drehetra" mba hahafahako mahazo an'i Kristy. Ny lanitra, ny fiainana mandrakizay no zava-dehibe amiko, ary maty ho ahy i Kristy mba handraisako ny "voninahitra mavesatra mandrakizay"... (*That I May Know Him*, p. 203)

Ny ezaka rehetra natao mba hanalavirana ny herin'ny fahazaran-dratsy dia mitomban-dahy. Amin'ny alalan'ny fiezahana hentitra dia ny sitrapon'Andriamanitra no tokony hasandratra ambonin'ny fahamendrehan'ny fiainana madio. Ny hery ara-panahy sy ara-môraly dia raisina avy amin'ny fampiasana ny fahaizana izay nomen'Andriamanitra antsika. Misy fifaliana eo anatrehan'ny anjely any an-danitra rehefa mahazo fandresena amin'ny anaran'i Jesôsy ny tanora. (*The Youth's Instructor*, Nov. 12, 1896, par. 6)

Fa izao no sitrapon'Andriamanitra dia ny hanamasinana anareo. Moa va tsy izany indrindra no fanirianao? Mety ho toy ny tendrombohitra miavovona eo anatrehanao ny fahotana, ka mampietry ny fonao ianao, ary miaiky ny fahadisoanao, ka mametraka ny fitokisanao amin'ny fahamendrehan'ny Mpamonjy voahombo sy nitsangana indray, dia hanome anao famelan-keloka Andriamanitra, hanadio anao ho afaka amin'ny faharatsiana rehetra. Ny angatahiny dia ny hankatoavanao tanteraka ny didiny. Iza teny izao no ambarany aminao mivantana amin'ny vavany : “Aoka ho masina hianao, hihamasina hatrany hatrany.” Katsaho ny fahafenoan'ny fahasoavan'i Kristy. Aoka haniry mafy tokoa ny fahamarinany ny fontsika, satria avy amin'izany no ahazoantsika fiadanana mandrakizay. (Vavolombelona Mahery, t. 301)

"Koa raha misy olona ao amin' i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo.” (2 Kôrintianina 5:17)

Misy fepetra maromaro natao mba hahatonga ny vahoakan'Andriamanitra hahatratra ny fahalavorariana amin'ny toetra. Hoy ny apôstôly hoe: «Iza no sitrapon'Andriamanitra, dia ny hanamasinana anareo.» Tsy maintsy manovo avy eo amin'ny loharanom-pahalalana sy hery rehetra tsy mety ritra ny tsirairay, mba hahafahany manao ny asan'ny fahamarinana. Amin'ny alalan'ny hazo fijalian'i Kalvary, ny toerana rehetra dia omena mba hahafahan'ny olombelona ho tafaray amin'ny mpiarabelona aminy, ary mifanaraka amin'i Kristy ao amin'Andriamanitra. Ny Ray dia milaza fa ho tia ireo izay mino fa maty ho azy ireo i Kristy, tahaka ny nitiavany ny Zanany lahitokana. Ny hazo fijalian'i Kristy no antoka fa mety ho tanteraka Aminy isika. Tia an'izao tontolo izao Andriamanitra, ka “nomeny ny Zanany lahitokana mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay.» Ao amin'i Kristy, ny hatsaran-toetra; ao amin'ny Kristy ny fahatsarana ara-tsaina sy ny fahombiazan'ny fitondran-tena.

10

ANDRO
FIARAHA-MIVAVAKA
10–20 Janoary 2018

Nomena ny vahoakan'Andriamanitra izay rehetra ilaina hanatrarana ny fahatanterahan-toetra. Iza no voalazan'ny Apôstôly: *“Fa izao no sitrapon'Andriamanitra dia ny hanamasinana anareo.”* Tsy maintsy manovo avy amin'ilay loharano tsy mety ritran'ny hery ara-pitondran-tena sy ara-tsaina ny tsirairay, mba hahafahany manao ny asan'ny fanamarinana. Amin'ny alalan'ny hazo fijalian'i Kalvary dia nomena ny olombelona avokoa ny fampitaovana rehetra mba hananan'izy ireo firaisana amin'ny mpiara-belona aminy, ary mifanaraka amin'i Kristy ao amin'Andriamanitra. Ny Ray dia manambara fa ho tia ireo izay mino an'i Kristy, Ilay maty ho azy ireo, tahaka izay itiavany ny Zanany Lahitokana. Ny Hazo Fijalian'i Kristy no antoka ho antsika mba hahatanteraka antsika ao Aminy. *“Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao, nomeny ny Zanany Lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra misy Azy fa hanana fiainana mandrakizay.”* Ao amin'i Kristy ny fahambonian-toetra, ao Aminy ny fahambonian-tsaina sy ny fahombiazan'ny fitondran-tena. (*Review and Herald*, Nov. 30, 1897, par. 9)

Atolotr'Andriamanitra anao ny finoana. Raiso ny tana-maheriny, ary omeo fitiavana ireo fanahy efa mila ho very. Kristy no lâlana sy fahamarinana ary fiainana. Araho Izy. Aza mandeha araka ny nofo, fa araka ny Fanahy. Mandehana araka ny nandehanany. Izany no sitrapon'Andriamanitra, eny ny fanamasinana anao. Ny asa tokony hataonao dia ny manao ny sitrapon'Ilay manohana anao ho voninahitry ny Anarany. Tsy mahaso anao ny miasa ho an'ny tenanao ihany. Ny fiezahana hikatsaka izay hahasoa ny hafa, ny tsy fitadiavana afa-tsy izay hahasoa ny tena mandrakariva, fa miezaka manolotra ny zavatra rehetra ho an'Andriamanitra, no ankasitrahany ary haverina araka ny haben'ny fahasoavany tsy mety ritra. (*Testimonies for the Church*, vol. 2, p. 170)

NY MPISORONABE

ANDRO FAHASIVY — DITIN-KAZO MANITRA

“Koa amin’ izany dia mahavonjy tokoa izay manatona an’ Andriamanitra amin’ ny alalany Izy, satria velona mandrakizay hanao ffonana ho azy.”
(HEBREO 7:25)

SOSO-KEVITRA FANDRINDRANA NY FOTOAM-BAVAKA

Fiderana

- Tompo ô! Midera Anao izahay satria i Jesôsy no Mpanalalana anay.
- Misaotra Anao fa rehefa manatona Anao amin’ ny alalan’ ny fahamendrehan’ i Kristy izahay dia ampiakanjoina ny akanjom-pisoronany.

Fiaiken-keloka sy Fitakiana hery hoenti-mandresy ny fahotana

- Ray ô! Miangavy Anao izahay, aseho any ireo fahotana tokony hibebahanay ampahibemaso, sy ireo izay tokony hibebahanay manokana. Mangataka ny Herinao izahay hoentiny mandresy ireny fahotana ireny.
- Mamelà anay tamin’ ny fotoana rehetra tsy nanekenay tanteraka ny asa fanelanelanana ataon’ i Jesôsy. Ampio izahay hianatra amin’ ny fahasoavany.
- Misaotra satria mamela anay araka izay hita ao amin’ ny 1 Jaona 1:9 Ianao.

Fitalahoana sy fanelanelanana

- Tompo ô! Mampianara anay hahatakatra sy hankamamy ny asa fanelanelanana izay ataon’ i Jesôsy ho any ankehitriny.
- Miangavy Anao izahay, omeo anay ny fo mangoraka, mba hivavaka ho an’ ny hafa. Aseho any izay olona tokony hoentiny amim-bavaka.
- Mivavaka izahay ho an’ ireo ray aman-dreny izay mivavaka ho an’ ireo zanany izay tsy mety manatona Anao. Mivavaka izahay ny mba tsy hampiraviravy tanana azy ireo fa haharetan’ izy ireo amin’ ny vavaka.
- Mivavaka izahay ho an’ ireo izay tsy manana fanantenana intsony. Enga anie izy ireny hianatra ny hametraka ny enta-mavesany eo amin’ i Jesôsy.
- Tompo ô! Mivavaka ho an’ ireo olona tsy mankany am-piangonana intsony izahay. Manampia anay hahay handray azy ireny amin’ ny fotoana izay hiverenany indray.
- Miangavy Anao izahay, hamafiso ny asa fitoriana tanterahin’ ireo Sampana eny anivon’ ny fiangonana rehetra, toy ny MIFEM, ny Fikambanan-

10

ANDRO
FIARAHA-MIVAVAKA
10–20 Janoary 2018

dehilahy, ny SS, ny Asa Fitoriana, ny Ambassadeurs, ny Mpisantatra, ary ny Service Communautaire. Asehoy anay ny fomba hahatongavanay ho Tananao ary ho tongotra ho an'ny hafa.

- Tompo ô! enga anie ka ny fifohazam-panahy mahery vaika, avy amin'ny fivavahana tena izy, toy izay nisy tamin'ny fiangonana voalohany hanadio ny fiangonanao amin'ny andro farany. Ampio izahay hahajoro mandrakariva amin'ny fahamarinana na dia ho rava aza ny lanitra.
- Miangavy Anao izahay, tahio ny asan'ireo sampana mpanao gazetin'ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, ao anatin'izany ny tambajotran-tserasera ara-tsôsialy. Manampia anay hanome ny tsara indrindra ho fanatrarana ireo vahoakan'ny taonjato fahiraika amby roapolo, miaraka amin'ny filazantsara mandrakizay.
- Tompo ô! omeo anay ny fahaiza-mankasitraka sy ny fahalianana manoloana ny tontolo izay noforoninao. Ampio izahay hanaja amim-pahatokiana ny fahamarinana momba ny famoronana ary hampianatra ireo tanoranay hahatsapa ny Herinao sy ny Fitiavanao eo anivon'ny natiora.
- Tompo ô! Mampianara anay hanaraka ny ohatry ny fandavan-tena nananan'i Kristy rehefa mahita ny filàn'ireo vahoaka manodidina anay isan'andro. Omeo anay ny fampitaovana amin'ny maha-misiônera arapitsaboana anay, mpirotsaka an-tsitrapo eny anivon'ny fiaraha-monina ary sakaizan'ireo izay mila fanampiana.
- Tompo ô! Mivavaka ho an'ireo olona fito (na mihoatra) ao amin'ny lisitra eto am-pelatananay izahay. Manampia azy ireo hanokatra ny fony ho an'ny Fanahy Masina.
- Mangataka ihany koa izahay ho an'ny filàna manokan'ireo izay manatrika izao fotoana izao.

Fisaorana

- Ray ô! Misaotra Anao izahay noho ny amin'i Kristy izay manelanelana ho anay. Manana fanantenana ny amin'ny hoavy izahay.
- Misaotra Anao izahay noho ny amin'ny Fanahy Masina izay “mifona ho anay amin'ny fitarainana tsy azo tononina.” (Rômanina 8:26).
- Misaotra anao izahay Jesôsy ô, satria “mahavonjy tokoa izay manatona an'Andriamanitra amin'ny alalanao Ianao, satria velona mandrakizay hanao fifonana ho anay Ianao.” (Hebreo 7:25).

NY MPISORONABE

ANDRO FAHASIVY — DITIN-KAZO MANITRA

Ny fandroana ditin-kazo manitra dia tandindon'ny fanelanelan'i Kristy ho antsika.

"**A**min'ny maha-Mpanalalana Azy antsika, dia manefa ny asa nanendreny tena Izy, raha mitana eo anatrehan'Andriamanitra ny lovia fandroana ditin-kazo manitra misy ny fahamendrehan'ny tenany tsy misy pentina, miaraka amin'ny fivavahana, ny fiaiken-keloka sy ny fisaoran'ny vahoakany." (Henoinareo ny Fanoharana, p. 130)

Amin'ny maha-Mpanelanelana an'i Kristy amin'ny Ray dia miezaka mandrakariva mihazona antsika Izy. Tsy maintsy manao izany Izy amin'ny alalan'ny fanelanelanana ataony, tahaka ny tsy maintsy hanavotany antsika amin'ny rany. (*Our High Calling*, p. 50)

Feno fankasitrahana aho fa afaka matoky an'Andriamanitra. Ary omem-boninahitra ny Tompo rehefa matoky Azy isika, ka mitondra ny tsy fahatanterahantsika rehetra eo Aminy (...) Ny Tompo Jehôvah dia tsy nihevitra ny foto-kevitra ny famonjena ho tanteraka, raha nomena tamim-pitiavany fotsiny ihany izany. Izy tenany mihitsy no nametraka teo amin'ny Alitara Masiny ny Mpisolovava iray izay nitafy ny toetrantsika. Amin'ny maha-mpanelanelana Azy, ny andraikitra nankinina Taminy dia ny haneho amin'Andriamanitra ny maha-zanakalahy sy zanakavavy antsika. Manao ny asa fanelanelananana ho an'ireo izay nandray Azy Izy. Nomena azy ireo ny fahefana, noho ny fahamendrehany manokana, ho anisan'ny ankohonan'ny fanjakan'ny lanitra, zanaky ny Mpanjakan'ny lanitra. Ary ny Ray dia maneho ny fitiavany tsy manam-petra an'i Kristy, Ilay nivity antsika tamin'ny rany, amin'ny alalan'ny fandraisany sy fanekeny ho sakaiza ireo sakaizan'i Kristy. Afa-po tamin'ny sorona natao Izy. Nomem-boninahitra Izy tamin'ny nitafiany ny maha-olombelona, ny fiainana, ny fahafatesana, ary ny fanelanelanana ataon'ny Zanany...

10

ANDRO
FIARAHA-MIVAVAKA
10–20 Janoary 2018

Fanetren-tena lehibe! Tombontsoa lehibe no nomena antsika! I Kristy no mampihavana ny olombelona amin'ny Ray (...) Rehefa manatona an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fahamendrehan'i Kristy isika, dia ampiankanjoina ny fitaflam-pisoronany. Eo anilany no ametrahany antsika, apetrany eo an-tsorotsika ny tanany mitafy nofo, fa amin'ny tanany mitafy ny maha-Andriamanitra Azy kosa no andraisany ny Fiandrianana mandrakizay. Apetrany ho toy ny menaka manim-pofona eo an-tanantsika ny fahamendrehany mba hampaherezana ny fangatahana izay ataontsika. Nanome toky Izy fa hihaino sy hamaly ny fitarainantsika. Eny, i Kristy no tonga mpanelanelana ny vavaka asandratry ny olombelona amin'ny Ray. Nampiraisiny ny maha-Andriamanitra sy ny maha-olombelona. (*In Heavenly Places*, p. 77)

Rhefa manao ny asa ho antsika i Kristy, dia miasa ao am-pontsika ny Fanahy, manao vavaka sy fivalozana, fiderana ary fisaorana. Ny fankasitrahana izay mivoaka avy amin'ny molotry ny olombelona dia vokatry ny fandonan'ny Fanahy ny torin'ny fo, manaitra amin'ny feonkira masina.

Ny vavaka sy ny fiderana ary ny fiaiken-keloky ny vahoakan'Andriamanitra dia miakatra toy ny fanatitra eo amin'ny Tempoly any an-danitra. Saingy tsy niakatra tamin'ny fahadiovana tsy misy pentina ireo. Ny fandalovany amin'ny fantsona simban'ny olombelona dia mahatonga azy ho voaloto. Koa raha tsy diovin'ny fahamarinan'Ilay Mpisoronabe izany dia tsy handray fankasitrahana avy amin'Andriamanitra izany. Angonin'i Kristy ao amin'ny lovia fandorana ditinkazo manitra ny vavaka sy ny fiderana ary ny sorona ataon'ireo vahoakany, miaraka amin'ireo ny fahamendrehan'ny fahamarinany tsy misy pentimpahotana. Koa rehefa mandray ny fofomanitry ny fanati-panavotan'i Kristy ny vavaka ataontsika, ankasitrahana tanteraka dia hisandratra eo amin'ny seza fiandrianan'Andriamanitra, ary valimbavaka lehibe no ho setrin'izany. (*The Youth's Instructor*, April 16, 1903, par. 11, 12)

Nanokana harena sy fanomezam-pahasoavana tsy manam-petra ho antsika Andriamanitra. Ny Seza fiandrianan'ny fahasoavana dia manintona indrindra satria Ilay manome alalana antsika hiantso Azy hoe Ray no mitoetra eo aminy. Kanefa ny Tompo Jehôvah dia tsy nihevitra ny foto-kevitra ny famonjena ho tanteraka, raha nomena tamim-pitiavana fotsiny ihany izany. Nasainy ho eo amin'ny alitara masina ny Mpisolovava iray izay nitafy ny maha-Andriamanitra Azy. I Kristy, Ilay Mpanelanelana dia nanankinana ny andraikitra haneho amin'Andriamanitra ny maha-zanakalahy

sy zanakavaviny antsika. Manao vavaka fifonana ho an'ireo izay nandray Azy izy. Tamin'ny rany no nividianany antsika. Noho ny fahamendrehany dia tonga ankohonan'ny fanjakan'ny lanitra isika. Maneho ny fitiavany tsy manampetra an'i Kristy ny Ray tamin'ny nanekeny ho Azy ireo sakaizany. Afa-po tamin'ny fanati-panavotana natao Izy. Nombem-boninahitra Andriamanitra tamin'ny nitafiany ny maha-olombelona, ny fiainana, ny fahafatesana, ary ny fanelanelanana ataon'ny Zanany . (*Testimonies for the Church*, vol. 6, p. 363)

"Fa isika tsy manana mpisoronabe izay tsy mahay miara-mitondra ny fahalementsika, fa Izay efa nalaim-panahy tamin'ny zavatra rehetra tahaka antsika, kanefa tsy nanana ota. Koa aoka isika hanatona ny seza fiandrianan'ny fahasoavana amin'ny fahasahiana, mba hahazoantsika famindrampo sy hahitantsika fahasoavana ho famonjena amin'izay andro mahory." (Hebreo 4:15,16)

Vao manatona ny seza fiandrianan'ny fahasoavana ny zanak'Andriamanitra dia efa eo am-pelatanan'Ilay Mpisolovalala lehibe ny momba azy. Amin'ny fiaiken-keloka voalohany sy ny fangatahana famelana ataony dia atambatr'i Kristy amin'ny Azy ny momba ilay mpanota, entiny maneho ny fangatahana amin'ny Ray, toy ny hoe Izy mihitsy no nanota.

Rehefa manelanelana ho antsika i Kristy, dia sokafan'ny Ray ny haren'ny fahasoavany mba hiravoravoana sy hifampizaràna amin'ny hafa. « Mangataha amin'ny Anarako, » hoy i Kristy, « ary tsy milaza aminareo Aho fa Izaho no hangataka amin'ny Ray ho anareo; fa ny Ray dia tia anareo satria ianareo efa tia Ahy. » Tonony ny Anarako. Izany no hampahomby ny vavaka izay ataonareo. Ary ny Ray hanome anareo ny haren'ny Fahasoavany. "Mangataha, dia hahazo hianareo, mba ho tanteraka ny fifalianareo.» (Jaona 16:24.) (*Testimonies for the Church*, vol. 6, p. 364)

NY MPISORONABE

ANDRO FAHAFOLO — NY LAKOLOSY

SY AMPONGABEN-DANITRA

“Ary raha vao miandoha izany zavatra izany dia miandrandra, ka asandrato ny lohanareo; fa manakaiky ny fanavotana anareo.” (LIOKA 21:28)

SOSO-KEVITRA FANDRINDRANA NY FOTOAM-BAVAKA

Fiderana

- Tompo ô! Misaotra Anao izahay satria efa nasehonao anay ireo famantarana ny amin’ny fiavianao fanindroany.
- Midera Anao izahay satria ho avy indray i Jesôsy handray Anay hiaraka Aminy mandrakizay.

Fiaiken-keloka sy Fangatahana Hery hoenti-mandresy ny fahotana

- Tompo ô! Miangavy Anao izahay, aseho anay ireo fahotana tokony hibebahanay ampahibemaso sy izay tokony hibebahanay manokana. Mangataka hery avy Aminao izahay hoentinay mandresy ireny fahotana ireny.
- Mamelà anay noho ny niraiketan’ny fonay teto amin’ity tany ity, ary noho ny tsy nahatsapanay ireo famantarana ny amin’ny fiavianao.
- Misaotra Anao izahay satria mamela ny helokay Ianao, araka izay voasoratra ao amin’ny 1 Jaona 1:9

Fitalahoana sy Fanelanelanana

- Tompo ô! Mivavaka ho an’ireo olona manodidina anay, izay tsy mahatsapa ny fahatomoran’ny fiavianao izahay. Miangavy Anao ny mba hamohazanao ny fon’izy ireny.
- Miangavy Anao izahay, aseho anay ireo zavatra eo amin’ny fiainanay izay tsy napetrakay teo Aminao. Atolotray anao ireny rehetra ireny ary mangataka izahay ny hanovanao ny fonay.
- Miangavy Anao izahay, amboary mandrakariva ny toetranay ary omany izahay ho amin’ny fiavianao.
- Tompo ô! Sariho ho eo Aminao ireo izay matahotra ny amin’ny fiavianao fanindroany. Ampio izy ireny hametraka ny fiainany eo Aminao.

10

ANDRO
FIARAHA-MIVAVAKA
10–20 Janoary 2018

- Mangataka Aminao izahay, aseho any ireo filàna mivantana sy arapanahin'ireo mpitsoa-ponenana. Enga anie ny anaran'ny fiangonanay ho fantatra noho ny fitiavanay ny vahoaka, na iza na iza, na avy aiza na avy aiza fiavian'izy ireny
- Mangataka amin'ny fomba manokana izahay ho an'ireo mpitsoa-ponenana avy amin'ireo firenena izay mbola tsy nandray ny filazantsara. Rehefa mahita ireo mety ho filàn'izy ireo izahay, ka mitarika azy ireo hahafantatra Anao, dia miangavy Anao mba hanokatra ny varavarana rehetra, mba hahafahan'izy ireo miverina indray any amin'ny firenena niavian'izy ireo avy, ary mizara ny Fitiavan'Andriamanitra amin'ny hafa.
- Ray ô! Miangavy Anao izahay, omenao any ny fahaiza-mahafantatra izay tena filàna fototra amin'ny asanao. Manampia any hiaina isan'andro amin'ny fanantenana fa hiverina tsy ho ela, hamerina ny zava-drehetra amin'ny laoniny i Jesôsy.
- Tompo ô! Mitahia ny asan'ireo mpanabe Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, amin'ny ambaratonga isanisany manerana ity izao tontolo izao ity. Aoka Ianao hanome hery ireo mpampianatra, ray aman-dreny, mpitarika tanora, ary ireo mpampianatry ny SS, amin'ny fanomanan'izy ireo taranaka tanora ho amin'ny asa fanompoana Anao.
- Miangavy Anao izahay, mitahia ny asan'ny sampana Special Needs Ministries (Ministères des Besoins Spécifiques). Manomeza any fo antra rehefa mifanojo amin'ireo olona manana olana ara-pihainoana sy arapahitana, ary ireo izay manana olana manokana ara-batana sy ara-tsaina izahay.
- Tompo ô! Mivavaka ho an'ireo olona fito (na mihoatra) amin'ny lisitra eto am-pelatananay izahay. Ampio izy ireny hahita izay filàny ary hanokatra ny fony amin'ny Fanahy Masina.
- Mivavaka ihany koa izahay ho an'ny filànay manokana, izay manatrika izao fotoana izao.

Fisaorana

- Tompo ô! Misaotra Anao ny amin'ny Teny Fikasanao: *“Izy, izay nanomboka asa tsara ao anatinareo no hahatanteraka izany mandra-pihavin'ny andron'i JesosyKristy.”* (Filipiana 1:6).
- Misaotra anao noho ny amin'ireo vahoakanao eny amin'ny tanàn-dehibe rehetra eny izay maniry fatratra ny hahita Anao eny amin'ny rahon'ny lanitra.
- Misaotra satria miasa ao am-pon'ny vahoaka izay entinay amim-bavaka Ianao.

 NY LAKOLOSY SY AMPONGABEN-DANITRA

“**A**ry raha vao miandoha izany zavatra izany dia miandrandra, ka asandrato ny lohanareo; fa manakaiky ny fanavotana anareo.” (LIOKA 21:28)

Ny famohamandry teo amin’ny akanjon’ny mpisoronabe dia nanome famantarana ny olona fa velona izy ary nanao fanelanelanana ho azy ireo tao amin’ny efitra Masina indrindra. Rehefa manelanelana ho antsika ao amin’ny Fitoerana Masina Indrindra i Kristy, na dia tsy afaka handre ny famohamandry eny amin’ny akanjony aza isika, dia tokony handinika ireo famantarana akaiky. Dia ho vita ny asany amin’ny maha-Mpisoronabe Azy ary hiverina ho Mpitsara sy Mpanjaka Izy.

Rhefa vita ny fiomanana fatratra amin’ny fomba mendrika, mba hangataka ny famelana ny heloky ny Isiraely, io manan-kaja ambony io dia niditra tamin-kovitra indray mandeha isan-taona teo anatrehan’Andriamanitra, manatrika ny rako-panavotana. Dia indro Andriamanitra niseho tao anaty rahom-boninahitra. Ny vahoaka kosa indray, niandry tamim-panginana sy tamim-pivavahana terỳ ivelany. Raha sendra ka nijanona naharitra mihoatra noho ny fotoana nahazatra tao amin’ny fitoerana masina indrindra ny mpisoronabe, dia velon-korohoro ny fiangonana ka nifanontany na vokatry ny fahotana nataony na vokatry ny fahotana nataon’ny mpisorona no nety nahafaty azy tamin’ny alalan’ny voninahitr’Andriamanitra. Fa rehefa heno kosa ny fanenon’ny famohamandry eny amin’ny akanjony dia mahazo aina avokoa ny rehetra. Tonga hitso-drano ny vahoaka izy. (*The Spirit of Prophecy*, vol. 1, pp. 274, 275)

Rhefa nivadika ho ao amin’ny Efitra Masina Indrindra Jesôsy dia indro fa henoko ny fanenon’ny famohamandry avy eny amin’ny akanjony; ary rehefa nandao ny toerana Izy dia indro ny rahon’ny haizana nanarona ny mponin’ny tany. Koa dia tsy nisy intsony mpanelanelana teo amin’ny olona mpanota sy Andriamanitra. (*Early Writings*, p.280)

Efa nibaiko ny vahoakany i Kristy hijery tsara ireo famantarana ny fiaviany ka hiravoravo rehefa mahita ny antoky ny fiavian’ny Mpanjakany. “Ary raha vao miandoha izany zavatra izany” hoy Izy, “dia miandrandra ka asandrato ny lohanareo, fa manakaiky ny

fanavotana anareo.” Notondroiny tamin’ireo mpanaraka Azy ny hazo mitsiry amin’ny lohataona ka hoy izy: “Ary raha vao miandoha izany zavatra izany dia miandrandra, ka asandrato ny lohanareo; fa manakaiky ny fanavotana anareo. Raha hitanareo fa vao manaroka ireo, dia fantatrareo ihany fa efa akaiky sahady ny lohataona. Dia tahaka izany koa hianareo, raha vao hitanareo fa tonga izany zavatra izany, dia aoka ho fantatrareo fa akaiky ny fanjakan’Andriamanitra.” (Lioka 21:28,30,31.) (Hery Mifanandrina, t. 322)

Teo amin’ny tendrombohitra Oliva i Kristy dia efa nilaza tamin’ny mpianany momba ny fiaviany fanindroany eto amin’izao tontolo izao. Nofaritany manokana ny famantarana sasantsasany izay hiseho rehefa akaiky ny fiaviany, ka efa nibaiko ny mpianatra Izy hiambina sy ho vonona. Naveriny indray ny hafatra fampitandremana manao hoe: “Koa amin’izany miambena hianareo, fa tsy fantatrareo na ny andro na ny ora hiavin’ny Zanak’olona.” Dia nasehony azy ny hevitr’izany hoe miambina ny amin’ny fiaviany ; tsy tokony holaniana amin’ny fidonanam-poana ny fotoana, fa amin’ny asa feno zotom-po.” (Henoinareo ny Fanoharana, t. 281)

Misy maro ankehitriny eto amin’izao tontolo izao no manakimpy ny masonry tsy hahita ireo porofo mazava izay nomen’i Kristy hampitandremana ny olona ny amin’ny fiaviany. Miezaka ny hampitony ny fanahiana rehetra Izy, nefa miaraka amin’izany dia tanteraka haingana ireo famantarana ny farany, ary mirimorimo ho any amin’ny fotoana hisehoan’ny Zanak’olona eo amin’ny rahon’ny lanitra izao tontolo izao. Mampianatra i Paoly fa fahotana ny tsy miraika amin’ireo famantarana mialoha ny fiavian’i Kristy fanindroany ireo. Izay meloka amin’io antsirambina io dia antsoiny hoe zanaky ny alina sy ny haizina. Mampahery ny olona miambina sy mitandrina Izy amin’ny alalan’ireto teny ireto : “Fa hianareo, ry rahalahy, tsy ao amin’ny maizina, mba hahatratra anareo toy ny mpangalatra izany andro izany. Fa hianareo rehetra dia zanaky ny mazava sy zanaky ny andro; tsy an’ny alina na an’ny maizina isika. Koa dia aza mba matory toy ny sasany isika, fa aoka hiambina ka hahonon-tena.” (Vavolombelona Mahery, p. 227)

Tsapantsika lalina ao am-pontsika ny toe-piainan’ny fiangonantsika ankehitriny. Efa hatry ny ela no nananan’ny mambra fahalalana ny amin’izay hitranga amin’ny fiafaran’ny andro, ho fahatanterahan’ny tantara ao amin’ny faminiana. Ho avy tsy hoe ela amin-kery sy voninahitra i Kristy, ka ireo izay maty dia tsy maintsy «hotsaraina araka izay voarakitra ao amin’ny boky, araka ny asany avy.” Ilay iray izay mitsangana ho mpanelanelana antsika ; izay mandre ny fibebahana sy ny fiaiken-keloka

10

ANDRO
FIARAHA-MIVAVAKA
10–20 Janoary 2018

rehetra; Ilay aseho amin'ny alalan'ny avana mihodidina ny lohany, izay famantarana ny fahasoavana sy ny fitiavana, dia tsy ho ela dia hampitsahatra ny asa tanterahiny ao amin'ny fitoerana masina. Ny fahasoavana sy ny famindrampo dia hidina avy eo amin'ny seza fiandrianana ary fahamarinana no handray ny toerany. Izy, Ilay nokatsahin'ny olona, dia handray ny zony, - ny andraikiny amin'ny maha-Mpitsara Ambony azy; «Efa napetraky ny Ray teo am-pelatanan'ny Zanany ny fitsarana rehetra (...) Ary efa nomeny Azy ihany koa ny fahefana hampihatra ny didy, satria Izy no Ilay Zanak'olona.» Izy ,hoy i Petera, no voatendry “*hitsara ny velona sy ny maty* «.» Nanendry andro iray Andriamanitra, hitsarana izao tontolo izao amin'ny fahamarinana amin'ny alalan'io Lehilahy voatendriny io.» (*Review and Herald*, Jan. 1, 1889, par. 1)

NY MPISORONABE

ANDRO FAHIRAIKA AMBIN'NY FOLO — NY MPISORONABENTSIKA

SOSO-KEVITRA FANDRINDRANA NY FOTOAM-BAVAKA

Ity Sabata farany ity dia tokony ho fotoam-pifaliana lehibe noho ny zavadrehetra nataon'Andriamanitra ho anao sy ny fiangonanao nandritra izay Folo Androm-bavaka izay. Misafidiana andro manokana hankalazana ny Fahatsarany sy ny Heriny. Diniho ny fomba nahatsapanao ny firotsahan'ny Fanahy Masina nandritra iny folo andro INY. Ity Sabata ity dia tombotsoa manokana hafafahana mankalaza ny zavatra nataony, ataony ary hataony.

LOHAHEVITRA: HEBREO 4:14-16

Koa satria Isika manana Mpisoronabe lehibe, Izay lasa namaky ny lanitra, dia Jesosy, Zanak' Andriamanitra, aoka isika hihazona ilay efa nekentsika. Fa isika tsy manana mpisoronabe izay tsy mahay miara-mitondra ny fahalementsika, fa Izay efa nalaim-panahy tamin' ny zavatra rehetra tahaka antsika, kanefa tsy nanana ota. Koa aoka isika hanatona ny seza fiandrianan' ny fahasoavana amin' ny fahasahiana, mba hahazoantsika famindrampo sy hahitantsika fahasoavana ho famonjena amin' izay andro mahory.

Manokana ny filàn'ny fiangonana tsirairay, noho izany, aoka hiara-miasa amin'ireo mpitondra fiangonanan eo an-toerana hahafahana mampivelatra drafitra manokana ho an'ny fiangonana. Indro misy soso-kevitra azonao hanampiana ny fanompoam-pivavahana amin'ny Sabata famaranana.

- **Fampianarana mahakasika ny bokin'ny Hebreo 4:14-16:**
- **Fijoroana ho Vavolombelona:** Aoka hanana fotoana malalaka tsara ho an'ny fijoroana ho vavolombelona mahakasika ireo valim-bavaka voaray. Ireo rehetra izay nandray anjara tamin'ny Folo andro fiaraha-mivavaka dia manana tantara azo zaraina ho an'ny fiangonana, kanefa ampirisiho izy ireo tsy hivalapatra loatra, mba hahafahan'ny tsirairay mandray anjara. Mety manana tantara azony zaraina koa ny hafa. Tsaratsara kokoa raha efa voaomana mialoha ny fijoroana ho vavolombelona sasany.

10

ANDRO
FIARAHA-MIVAVAKA
10–20 Janoary 2018

- **Fotoam-bavaka:** Asao ny mpivory rehetra handray anjara amin'ny fotoam-bavaka manokana. Azonao atao ny mitarika ny mpivory fiaraha-mivavaka, araka izay efa somary nahazatra anao nandritra izay herinandro izay.
- **Hira:** Andro fifaliana manokana mahakasika izay nataon'Andriamanitra ity andro ity, koa fomba iray hahafahana manao izany ny hira.
- **Drafitra ho an'ny ao aoriana:** Nitarika anao ho amina asa manokana Andriamanitra tamin'ny alalan'ny 10 androm-bavaka. Ampahafantaro ny fiangonana misy anao ny drafitra tianao hapetraka ary asao izy ireo hiaramiasa aminao amin'izany.
- **Ankizy/Tanora:** Tsara raha misy tantara ho an'ny ankizy mahakasika ny vavaka. Raha misy ankizy nanatrika ny folo androm-bavaka dia asao izy ireny hizara ny fanandramany na hitarika ny fotoam-bavaka.
- **Aoka tsy dia ho entitra loatra:** Aoka tsy dia ho hentitra loatra amin'ny fanarahana ny fandaharam-potoana mba hahafahan'ny Fanahy Masina mitarika anao mandritra ny fanompoam-pivavahana

DL. lah. 0178 - B / 12-17
Ny natonta: 9750 isa